## MPITARIKA POSY HITA FATY 5

# TSY HITA NY VOAMASONY IRAY, NIPOTSAKA NY ATIDOHANY


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

**Laharana 7825** Taona faha-25 **Vidiny : 500 Ariary** Gazety mivoaka isan'andro Talata 19 martsa 2024


## MARINA IZANY ! 6

### EFA FANOMANAN-TSAINA !

## PASI PASI 11

### RANDRIANARISON ERIC

### 55 TAONA FA MBOLA MANAO RUGBY SY FOOT MIARAKA AMIN-JANANY



## "ISIKA REHETRA MIARAKA AMIN'I ANDRY RAJOELINA" 6

# NITAMBATRA HO VOVONANA NY TGV, ARMADA, UPAR AMIN'NY FIFIDIANANA DEPIOTE




## RAY AMAN-DRENIN'NY MPIANATRA ANY MAROC 6

### MANOME 72 ORA NY MPITONDRA HANDOAVANA NY VOLA NAMPANANTENAINA

## MPIASAN'NY SMA 8

### NIDINA AN-DALAMBE

## ANARAM-BONINAHITRA TRIATHLON ECTA 11

### NOROMBAHAN'I TOAVINA SY FITIA







"Skurk Choir" Norvezianina

# Ho avy eto amintsika hitory an-kira ny filazantsara

Fikambanana mitory an-kira ny filazantsara ny Skurk Choir Norvezianina. Efa nitety firenena maro manerana izao tontolo izao izy ireo nandritra ny 51 taona. Ny taona 1973 no niorenan'ny tarika ka Per Oddvar Hildreno mpitarika azy ireo amin'izao fotoana izao. Tsy voafehin'ny gadona sy mozika tokana ny Skurk Choir fa mivelatra amin'ny mozika maro loko fa ny mampiavaka azy aloha amin'ny maha mpitory an-kira azy ireo dia ny hira tranainy Norvezinina, mihira ny ara-panahy, mozikan'ny tontolo ary ny Jazz. Maro ihany koa ny mpitendry mozika malaza efa niaraka tamin'izy ireo ka anisan' izany Tord Gustavsen, Henning Sommerro, Mahsa Vahdat, The Brazz Brothers, ary Brilliant Dadashova. Erik Hillestad ao amin'ny Kirkelig Kulturverksted. Ho tonga eto Madagasikara izy ireo ary any Antsirabe ao amin' ny FLM Antsirabe Antampotanana no hanolotra rindran-kira ara-pilazan-tsara goavana ny Alahady 24 Marsa izao manomboka amin'ny 5 ora hariva. Hanotrona azy amin'izany NorMal Gospel-Norwegian Malagasy Gospel izay ivondronan'ny teratany Malagasy sy Norvezianina.



**Ankoatra ny SKURK dia hiara-hidera ao amin'ny FLM Antsirabe Antampotanana ny NorMal Gospel-Norwegian Malagasy Gospel, Choral Militaire Lova ary Rajery mpitendry Valiha.**

Ankoatra izay dia ho avy ao ihany koa ny Choral Militaire Lova izay mpitandro ny filaminana avokoa no mandrafitra azy. Izy ireto moa ankoatra ny fitetezamparitra maro teto Madagasikara nitory an-kira ny filazantsara dia efa nanao fampisehoana tany Norvezy ihany koa izy ireo. Anisan'ny hanamarika ity antsampiderana goavana ity ihany koa Rajery. Araka izany dia hisy ihany koa ny fifanakalozana ara-javakanto amin' ny alàlan'ny hira fiderana eo amin'ireto mpanakanto ara-pilazantsara ireto.

Tsy hisy ny vidim-pidirana fa rakitra no ho tatazana ho fanohanana ny asan' Andriamanitra.

Marihana fa ny Skurk dia efa namoaka amboarampeo tsy latsaky ny 25 nandritra izay 51 taona nisiany izay. Anisan'ny tranom-pamokarana niara -niasa tamin'izy ireo ary namoaka ny rakikira ilay tranom-pamokarana malaza indrindra hoe "Kirkelig Kulturverksted". Efa voatendry in-3 ho isan'ny tarika ara-pilazantsara nahazo ny loka tamin'ny " Music Award Spellemannsprisen" malaza any amin'izy ireo ary handraisan'ireo firenena mifanakaiky aminy anjara ny Skurk Choir.

**Tiaray R**


## DÉCENTRALISATION : LES NUAGES S'ACCUMULENT

POLIS

- Élections locales : des enjeux différents et des incertitudes
- Parole aux jeunes
- Retour sur la présidentielle : le difficile mariage entre nombres et légitimité
- Quelques chiffres marquants de la présidentielle
- Interview de Mihamina Rakotomandimby : « Pouvons-nous faire confiance au système qui a été mis en place ? »

GRAND DOSSIER : DÉCENTRALISATION

- Décentralisation, les mêmes causes, les mêmes effets
- Interview de Naina Andriantsitohaina : « Les chefs de région seront probablement élus »
- Développement : au crépuscule des villes
- Décentralisation : se recentrer sur les régions

ÉCONOMIE

- Ressources halieutiques, petits pêcheurs : dans la nasse de la crise climatique
- Secteur de la pêche, une nouvelle politique à instaurer
- Combattre la pauvreté par l'éducation : pourquoi les réformes scolaires sont-elles urgentes à Madagascar ?

SOCIÉTÉ

- Hiragasy, une véritable institution malgache
- Interview de Rojo Fenotina Ranaivoarison et Jean Bernard Mirado Nirinarisoa Mpihiragasy : « Plus d'opportunités à l'international et plus de visibilité pour le hiragasy »
- Sport, objectif médaille olympique : à la recherche d'une politique cohérente

ÉCOLOGIE

- Interview de Baomiavotse Vahinala Raharinirina : « Ne soyons pas complexés : nous pouvons conserver l'environnement et avoir de l'argent »
- Interview de Bruno Rajaspera : « Conservation de la biodiversité et croissance économique durable à Madagascar : le modèle de la FAPBM »

Écoutez les podcasts de Politikà sur les plateformes d'écoute ou sur vos stations radio préférées : RDJ, Alliance 92 Fm et RDB

DISPONIBLE AUPRÈS DE CES POINTS DE VENTE A PARTIR DU 20 MARS

Espace Loisirs, Antaninarenina | Jumbo Score Digue | Jumbo Score Ankorondrano | Jumbo Score Tanjombato
Leader Price Ankadimbahoaka | Leader Price Ankorondrano | Leader Price Andranomena | Leader Price Ambatobe | Leader Price Tamatave | Leader Price Anosizato | Leader Price Nosy Be | Lecture et Loisirs, Tana Water Front
Librairie Fakra, Tamatave | Librairie Fandrosoana, Tuléar | Librairie Tsipika, Ambohijatovo
Librairie Masindahy Paoly, Analakely | Maison Leong Hoi, Diégo | Mille Feuilles, Behoririka

ET DISPONIBLE ÉGALEMENT AUPRÈS DU BUREAU DE LA FRIEDRICH-EBERT-STIFTUNG

Contact 034 05 344 24 | dominique@fes.mg Site web : www.politika.mg | Friedrich-Ebert-Stiftung Villa Martrat, Ankadifotsy Antananarivo 101, Madagascar




GCL 778/2-2

FRIEDRICH EBERT STIFTUNG


Vovonana fanorona Analamanga

# Mikarakara fifaninanana mety hahazoana loka 200 000 Ar

Mihetsiketsika mafy ny Vovonam-paritry ny fanorana eto Analamanga amin'izao fotoana izao. Eo am-panomanana ny tompon-dakam-pirenena eo amin'ny lalaon-tsaina fanorona izy ireo ka mandra-pahatonga izany dia mikarakara fifaninana etsy amin'ny Pergola Antanimena izy ireo ny faran'ny vaolana Marsa izao. Araka ny fanazavan' Andriamampianina Lanto Harifetra, Filohan'ny Vovonana Fanorona Analamanga omaly nandritra ny resaka nifanaovana taminy dia "Open" no atao izay lalao misokatra ho an'ny rehetra ka afaka mandray anjara avokoa izay rehetra te hifaninana fa tsy nasiana sokajiny . Ankoatra izay dia afaka mandray anjara ihany koa ny any amin'ny vovonamparitra hafa". Aorian'ny lalao dia hisy ny fizarana "koba" ho an'ny rehetra izay tonga eo amin'ny Pergola. Ankoatra izay dia hahazo loka ihany koa ny 3 voalohany ka 200 000 Ariary ho an'ny tompondaka, 100 000 ariary ho an'ny faharoa ary 50 000 ariary ho an'ny fahatelo. Efa misokatra ny fisoratana anarana izay 5000 ariary ny sarany, ka izay 16 tonga nisoratra voalohany no handray anjara. Araka ny fanazavana ihany dia amin'io fotoana io ihany koa no hampiharana ny lalàna mifehy ny fanorona ho an'ny mpilalao sy ny lalàna mifehy ny mpitsara lalao. Tsy dia nisy fivoana firy aloha ilay izy kanefa na izany aza dia mbola betsaka ihany ireo tsy mahafantatra ka fotoana io amin'ny asabotsy 30 marsa io hanamafisana izany.



**"Open" ny fifanianana raha araka ny fanazavan'Andriamampianina Lanto Harifetra, Filohan'ny Vovonana Fanorona Analamanga.**

### Fe-potoana sy isa azo

Anisan'ny tsara ho fantatra amin'izany ny fe-potoana hanetsehana vatom-panorona ho an'ny andaniny sy ny ankilany. Mandritra ny ady ohatra dia 30 segondra ihany ny fitetehana. Ho an'ny vela indray dia 10 segondra ny fihetsehana fa manana 2 minitra in-3 avy araka ny izay safidy ny fakana izany. Ny paika indray dia 10 segondra ny fihetsehana ary 15 minitra no faharetan'ny fampiadiana azy. Ny Vela dia indray mandeha ihany na afaka na tsy afaka.

> *Amin'io fotoana io ihany koa no hampiharana ny lalàna mifehy ny fanorona ho an'ny mpilalao sy ny lalàna mifehy ny mpitsara lalao.*

Ny fakana 2 minitra in-3 dia ao anatin'ny vato enina farany no fakana azy, manomboka vato dimy dia miverina 30 segondra avy. Mahazo 2 minitra in-3 avy ny mihinam-bela sy ny mamphinana. Raha misy fitoviana eo amin'ny isa dia vela vela avy hatrany ka raha vao misy tsy fitoviana eo amin'ny isa rehefa mitovy ny fihinanam-bela dia tapitra avy hatrany ny lalao.

Eo amin'ny isa indray dia mahazoisa 2 izy mahafaty ady, isa iray ho an'ny sahala ary aotra ho an'ny maty. Raha mahafaty vela indray dia mahazo isa 2 isa 1 raha sahala aotra kosa raha afaka ny vela.

**Tiaray R**

## Tafa....sika

Gaby Saranouffi

# "Anjaranao ny mitady fomba fiainana ahafahanao mijoro sy manohy ny tolona amin'ny alàlan'ny kantonao"

*Raha vao miresaka hoe Gaby Saranouffi. Ny tontolon'ny dihy sy ny soradihy no mby ao an-tsaina avy hatrany. Mpiangaly, mpamorona, mpampianatra dihy sy soradihy malaza eran-tany izy. Nanorina ny Festival I'Trôtra ary mikarakara izany hatreto amintsika sy any Afrika atsimo, izay onenany amin'izao fotoana. Efa nampianatra tany amin'ny " conservatoire " tany Paris, mampita fahalalana ho an'ireo tanora afrikana maro aty Afrika sy Oseana Indiana. Miditra amin'ny faha-28 taona naha matihanina azy izy izao. Nisy ny resadresaka nifanaovanay taminy :*

***Gazetiko** : Mpiangaly soradihy , mamorona, mampianatra ary mpikarakara festival ianao aty Madagasikara sy any Afrika atsimo. Afaka tantarainao ve ny lalana nodiavianao ka nahatonga anao amin'izao toerana misy anao izao ?

**-*Gaby S*** : *Hafa kely ny tantarako. Izahay 5 mianadahy no iray tampo, izaho irery no vehivavy. Tsy nisy artista ny fianakavianay fa izaho no nanomboka izany. Faniriako taloha ny ho lasa masera saingy taty aoriana voasariky ny dihy aho ary nahita tsirony. Nanomboka teo amin'ny faha-8 taonako no nandihy voalohany. Nifaninana tamin'ireny ankizy anatin'ny fokontany ireny tamin'izany. Teo amin'ny faha-12 taonako no nianatra dihy, ka Marc Ramaromanda no namolavola ahy. Rehefa lehibe nanohy fianarana tany Senegal (3 volana) ; nandranto fahalalana tany Frantsa. Namorona ny kaompania Sedera tamin'ny 1996, ny taona 1997 nandeha irery amin'izay ka namorona ny kaompania Vahinala, izay mbola eo hatramin'izao. Nandihy sy nampianatra nanerana an'i Madagasikara. Izaho no vehivavy sady malagasy voalohany nampianatra tany Parisy tao amin'ny Conservatoire.Mampianatra sady manao fampisehoana tany Afrika. Efa niasa tamin'ny ministeran'ny kolonsaina. Nanorina ny festival itrôtra, izay ao Antananarivo no fototra fa misy elatra any amin'ny Faritra. Mipetraka aty Afrika atsimo aho fa manohy ny asa any Madagasikara. Zava-dehibe ny fampitomboana talenta eo amin'ny dihy eo amin'ny sehatra matihanina eo amin'ny sehatra artistika aty amintsika sy afrika. Miasa amin'ny tany Afrikana anatin'ny Sadc izaho. Aty Durban izaho izao manao « résidence de création » mampita ny soradihiko « Soritra » izay noforoniko tany amin'ny 21 taona lasa ho an'ny Vahinala.*

***Gazetiko** : Mahavelona ve ny soradihy eto Madagasikara ? Manao ahoana ny fa hitanao ny fomba fiasa eto raha miohatra amin'ny Afrikana indrindra ny ao Afrika atsimo ,

**-Gaby S** : *Amiko, mahavelona fa tsy mora ny hahatongavana amin'izay satria tsy misy hoe « fonds » (vola natokana hamatsiana ) sy rafitra any Madagasikara. Ny zavakantontsika tsy misy famatsiam-bola hoentin'ny artista miaina sy mivoatra. Tamin'izaho mbola nipetraka tany Madagasikara tsy misy izay. Fa matetika rehefa misy hetsika atao, famatsiam-bola avy any ivelany no hiainantsika. Kely dia kely raha misy aza ny vola natokana ho an'ny zavakanto. Mila mitady stratejia hahafahana mivelona amin'ny zavakanto izay ataonao. Tsy ohatran'ny asa rehefa ny zavakanto hoe misy karama isam-bolana. Indraindray mahazo betsaka rehefa misy fa indraindray tsy misy asa. Anjaranao mitady fomba fiainana ahafahanao mijoro sy manohy ny tolona amin'ny alalan'ny kantonao. Aty Afrika atsimo, isan-taona manokana famatsiam-bola ngezabe hahafahan'ny artista mivoatra. Na izany aza, tsy mora ny mahazo azy fa mila asa be indrindra amin'ny resaka fitantanan-draharaha. Fa na izany aza samy manana ny olana sy ny heriny. Hitako hoe aty Afrika atsimo mora kokoa ny hivelarana raha te hivelatra amin'ny sehatra iraisam-pirenena. Eo koa ny hoe ny Firenena aty manosika be ny vehivavy. Mifandray amin'ny tantaran'izy ireo tamin'ny ady amin'ny fanavaham-bolokoditra izay. Ny vehivavy aty manana lanja be na amin'ny resaka asa , manosika tetikasan'ny vehivavy betsaka kokoa ry zareo. Ny tolona rehetra hitovizana, tsy mora akory ny mahazo famatsiam-bola fa mitaky asa be.*



**Gazetiko** : Aiza ho aiza ny fanomanana ny festival Itrôtra ? Inona no torohevitra omenao ireo mpiangaly soradihy te ho matihanina ohatranao ?

**-Gaby S** : *Festival i'trôtra ! Eo ampikarakarana azy izahay izao. Misy io eto sy any Madagasikara. Ny any mbola sarotsarotra ny manatanteraka azy, fa na izany aza ny avy aty Afrika atsimo, misy kaompania alefa manatanteraka seho sy mampiofana na somary miato aza ny hetsika goavana. Ho hita eo ihany. Ny aty afrika atsimo, ny fandraisan'ny olona azy aty tena mahafinaritra. Miankina amin'ny resaka ekonomika ihany koa io. Ny festival itrotra, miezaka mitondra avo ny fanilo hoan'ny dihy indrindra aty Afrika sy Oseana Indiana. Izaho Malagasy, fa izaho tia fandrosoana sy mizara ka tsy manavaka hoe any Madagasikara ihany no iasako. Miezaka manatsara sy manabe ny tanora aho. Rehefa manana traikefa ianao dia afaka mifandray amin'ny rehetra sy ny toerana aleha rehetra. Tsy misy izany hoe tsy vita izany. Ny toro-hevitra omeko dia hoe mazotoa miasa, aza kivy fa mila fiaretana izany dihy izany rehefa te ho matihanina. Tsy vitan'ny hoe miofana kely dia matihanna fa tsy vitan'ny iray andro io fa asa mandritra ny taona maro. Tsy mora ny lalana fa mila finiavana sy fitiavana ary faharetana. Miainga aminao ihany no hahafahanao mitady lalana. Mitadiava fa aza mitsahatra miasa, dia aza ekena mihitsy koa hoe raha misy olona manakivy anao. Aza manaiky ny olona haka ny nofinofinao na ny revirevinao. Rehefa lavo im-betsaka , dia tsy maintsy miezaka mitsangana.*

**Dinika nifanaovan'i Fy**

Lalaina Ravahy

# Fahasahiana mampita hevitra ny asa soratra

Andro maneran-tany ho an'ny Poezia ny 21 Marsa, mankalaza ny iray amin'ireo endrika sarobidy indrindra amin'ny fiteny sy ny kolontsaina ary ny maha-izy azy ny rehetra amin'io fotoana io. Ho an-dRazafindravahy Voahangy Lalaina, fantatry ny maro amin'ny anarana maha mpanoratra azy hoe Lalaina Ravahy dia nambarany fa manana ny andraikiny ary tsy afaka misaraka amin'ny fiarahamonina ny mpanoratra. Marobe ny andraikitry ny mpanoratra manoloana izany ka anisan'ny ohatra natoloy ny hoe " Manentana, mampita hafatra, mijoro ho modely, tsy amin 'izay heverina ho fahendrena ihany fa amin 'ny fampitàna ny nofinofy ihany koa ary indrindra ny fahasahiana mampita hevitra". Fa ankoatra izay dia andraikitry ny mpanoratra ihany koa ny mitondra ny fivoarana sahaza ny tsirairay ary mitahiry ny kolotsaina tokony hotandrovina. Ity Andro ity araka izany dia mety ho rafitra ho an'ny hetsika sy ezaka atao amin'ny ambaratonga samihafa hanohanana ny tononkalo, ary indrindra indrindra hampiroboroboana ny ezaky ny mpamoaka lahatsoratra izay manafika ny tsenan'ny boky.

**Tiaray R**


## PETITES ANNONCES *Gazetiko*

### A VENDRE

* Tsenabe Isotry. Trano 2 étages : 16ch, E&E, 1er plan, T&B, QC : 5 MD Ar à d. Tél : 033.73.021.33. (G-BA 785/10-2)

### COURS

* Cours d' Anglais parlé et écrit à domicile ou particulier. Tél : 034.17.947.22. (G-CL 776/5-1)

### FORMATION

* Droit de Travail : Formateur, Inspecteur de travail. Tél : 032.42.817.46. Fb MANAMPY JURISTE. (G-BA 769/20-16)

### FAMPIANARANA

* Fampianarana manety lehilahy " coupe homme ". Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 779/10-6)

### SERVICE

* Vidange fosse septique, wc perdu, puisard, Makiplast, plomberie. Tél : 034.60.797.42. (G-BA 783/10-4)

### VIDANGE

* Vidange fosse septique, fosse perdue & puisard...Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA-775/20-11)

* Vidange wc fosse septique, puisard Makiplast, fosse perdue. Tél : 033.51.333.19 / 038.08.304.97. (G-BA 780/12-5)

* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 784/6-1)

* Manao asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdue, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 784/6-1)

* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 784/6-1)

### MIVIDY

* Lamba, kiraro, boky, vy, fanaka, TV, kojan-dakozia, poketra, debara. Rason. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 774/15-12)

* Mm Feno. Mividy kojakoja, fanaka, kiraro, poketra, debara sns. Tél : 033.01.764.83 / 034.22.160.88. (G-BA 773/20-13)

* Lamba, bisikileta, kiraro, machine, kojan-dakozia, cahier, TV, fanaka. MA SARAH. Tél : 034.03.047.43. (G-BA 781/10-4)

Nosy be

# Trafikana zava-mahadomelina mahery vaika, olona 8 voasambotra, 1 Maorisiana

*Vehivavy malagasy iray ihany koa no saika hanondrana zava-mahadomelina mahery vaika "cocaïne".*



Ireo olona voasambotra !

Mahazo vahana ny trafikana zava-mahadomelina ao Nosy be amin'izao. Olona valo be izao no voasambotry ny mpitandro filaminana ny faran'ny herinandro teo iny, izay voarohirohy tamin'ny fanaovana izany. Teratany Malagasy avokoa ny fito tamin'ireo raha teratany Maorisianina ny iray. Nandritra ny fisafoana nataon'ny zandary dia olona fito no voasambotra tao Dzmandzar-Nosy be, izay nivarotra sy nanaparitaka zava-mahadomelina mahery vaika antsoina hoe Haschisch, izay milanja 3 kilao sy sasany. Voalaza fa amin' ny karazany lafo indrindra izy ity satria mahatratra Sivy alina Ariary ny iray grama. Raha ny fanazavàna azo dia efa miparitaka ao Nosy be amin'izao ireo karazana zava-mahadomelina mahery vaika ary maro ny manjifa izany. Ny tena zava-doza anefa dia saika tanora avokoa ny ankamaroan'ireo mpanjifa izany.

**Misy manondrana**

Ankoatr'ireo dia vehivavy teratany Malagasy iray ihany koa no trà-tehaky ny zandary saika hanondrana zava-mahadomelina mahery vaika "cocaïne" tao amin'ny seranan-tsambon'i Nosy be andro vitsy lasa. Fanomezam-baovao avy amin'ny olona tsara sitra-po avokoa no nahatratrarana ireo tambajotra mpanao trafikana zava-mahadomelina ireo rehefa natao ny velapandrika. Nidoboka any amponja avy hatrany moa io vehivavy io rehefa natolotra ny Fampanoavana. Mbola mitohy hatrany kosa ny ady atao hamongorana ny fiparitahan'ny zava-mahadomelina ao an-toerana. Mangataka ny fiaraha-miasa amin' ny rehetra ny zandary mba hahafahana mamongotra izany amin'ny alalan'ny fanomezam-baovao azy ireo. Mampitandrika ireo olona te hanao fandikandalàna amin'ny endriny rehetra ihany koa ny zandary fa tsy hisangy amin' ireo, izay tratra manao izany.


R.C

Foulpointe

## Sinoa tratra saika hitrandraka "concombre de mer"

Trà-tehaky ny Talem-paritry ny Jono faritra Atsinanana ireto teratany Sinoa saika hitrandraka "concombre de mer" tao Foulpointe ny faran'ny herinandro teo. Tratra tao avokoa ireo fitaovana nokasain'izy ireo hanatanterahany izany, izay nahitàna "compresseur" sy "bouteille de plongée". Nogiazana avokoa moa ireo fitaovana ireo. Efa mandeha ihany koa ny fanadihadiana. Raha ny fanazavàna hatrany dia voarara ny fitrandrahana "concombre de mer" toy izao ka izay no antony nandraisana fepetra avy hatrany tamin'ireto teratany Sinoa ireto. Raha ny zavatra hita tokoa dia betsaka ireo manao fitrandrahana ny harem-pirenena tsy ara-dalàna amin'izao na teratany Malagasy na vahiny. Noho izany indrindra dia tsy maintsy hamafisina ny fiarovana sy ny fisafoana any amin'ny fari-dranomasina sy ny lalam-pirenena satria saika haondrana avokoa ireny harem-pirenena misy mitrandraka an-tsokosoko ireny.

R.C



Ireo fitaovana tratra !

Ankorondrano

# Tovovavy lasa toy ny tsy tompon'ny tenany, taraiky tany an-kodahoda

Taitra ireo fianakavian'ity tovovavy ity fa tsy mbola tafody tany an-tranony ihany izy kanefa ny andro efa nandroso ho alina. Nanomboka nantsoina tamin'ny finday izy saingy tsy tratra antso. Efa nanomboka nitaintaina noho ny aminy ny rehetra. Natao avokoa ny fikarohana tamin'ny toerana rehetra noheverina ho nalehany saingy tsy nahitàm-bokany izany. Voatery tsy maintsy nanao filazàna fikarohana tany anatin'ny tambajotran-tserasera ny havany mba hanampy amin'ny fikarohana azy. Ny sabotsy lasa teo no nitrangan'izany. Raha ny vaovao voaray farany anefa dia tafody soa aman-tsara tany an-tranony ihany ilay tovovavy ora maromaro taorian'ny tsy nahitàna azy. Tonga teo Ankorondrano izy vao afaka niantso ny reniny, izay tonga nitsena azy teny.

**Norahonana**

Nony tonga tany an-trano izy dia nitantara ny nanjo azy rehetra ka toy izao ny fanazavàny. Rehefa avy nirava niasa izy ny sabotsy lasa teo dia tsy nody avy hatrany fa mbola niantsena aloha. Efa taraiky hariva ihany izy vao tafody ka sarotra ny fahitàna taksibe. Noho ny andro efa nandroso maizina sy tahotra ny tao an-trano amin'ny fodiana alina dia tapa-kevitra ny handeha taxi-môtô izy. Nony nandeha kelikely anefa dia nilaza ilay mpitondra taxi-môtô fa mba hahafahana ho tonga haingana dia tsy maintsy handeha lalamanitsy ry zareo. Tsy naka sarotra moa ilay tovovavy fa nanaiky avy hatrany satria maika ho tonga. Taorian' izany fanina tampoka izany izy ary lasa toy ny tsy tompon'ny tenany intsony nanomboka teo. Efa tany an-kodahoda, toerana tsy fantany nandeha lalan-tany vao tonga saina izy. Avy hatrany dia norahonan'ilay tovolahy anefa izy ary nalainy ny poketrany.

*Efa nanaovan'ny havany fikarohana mihitsy izy ity satria tsy fantatra ny nisy azy.*

**Tafatsoaka**

Tamin'izay indrindra anefa no nitady hirika nitsoahana izy ka tafatsoaka. Tsy lavitra teo dia nahita trano ary nila vonjy tao. Soa ihany fa mbola nisy ambim-bola tavela tany am-paosy hataony saran-dàlana mody. Nanontany ireo nampiantrano azy mba hanoro ny fiara hahafahany mody nony maraina. Natoron'ireo ny taksibe tokony ho raisiny ka tonga soa aman-tsara teo Ankorondrano izy ary teo no niantso ny reniny izy nitsena azy. Mila mailo sy mitandrina ihany ny rehetra fa tsy fantatra intsony ny olondratsy amin'izao.

R.C

Morondava

## Taolam-paty tamin'ny gony nisy nanary

Ny Alahady lasa teo no nahitàn'ny olona taolam-paty tamin'ny gony nisy nanary tao anaty kirihitra tao Morondava. Nampandrenesina avy hatrany ny mpitandro filaminana, izay tonga nijery ifotony ny zava-nitranga. Rehefa natao ny fisavàna dia hita taolam-paty maromaro, izay saika taolan-dava avokoa no hita. Nogiazana avy hatrany izany ary efa mandeha ny fanadihadiana. Tsy mbola fantatra mantsy ny olona nanary ireo na ny fasana nakàna izany. Omaly no niroso tamin'ny fandevenana ireo taolam-paty ireo ny kaominina. Efa nisy ny fanentanana nataon'ny zandary mba samy hanara-maso ny fasandrazany avokoa ny rehetra satria tsy fantatra mihitsy hatreto hoe taiza ny fasana vaky nangalarana ireo taolam-paty ireo. Anisan'ny mbola mahazo saika amin'ny faritra maro manerana ny Nosy mihitsy moa ity vaky fasana arahina halatra taolam-paty ity amin'izao. Ny mahagaga anefa dia ariana toy izao indray izany kanefa handaniana fotoana ny fanaovana latsak'alina amin'ny fangalarana izany. Asa, mbola tsy nahita mpividy akory ve ireo olondratsy dia nariana fotsiny indray ny azo?

R.C

MANAL'AZY DE MI'MEME



Nosy Be

# Zaza menavava maty novonoin'ny rainy

*Rehefa tonga anefa ny hariva tamin'io andro io ihany dia naterin'ilay raim-pianakaviana tany amin'ilay ramatoa nakany azy ilay zaza.*



Ilay lehilahy voasambotra.

Loza no niseho tany Nosy Be Hell Ville fa zazakely vao menavava no voalaza fa maty novonoin'ny rainy niteraka azy. Araka ny fanazavan'ny polisy, ny zoma lasa teo no tonga tany amin'ilay vadiny ilay rangahy, ary nalainy an-keriny tany ity zaza kely izay vao telo herinandro monja ity ny nahaterahany. Rehefa tonga anefa ny hariva tamin'io andro io ihany dia naterin' ilay raim-pianakaviana tany amin'ilay ramatoa nakany azy ilay zaza. Saingy tamin' io fotoana io dia fantatra fa efa niharatsy tanteraka ny fahasalaman'ity farany ka nitarika tamin'ny fahafatesany mihitsy izany avy eo. Araka ny fanazavana hatrany dia fampijaliana ara-batana no nihatra tamin'ilay tsy manan-tsiny. Tsy fantatra mazava izay antony nahatonga ilay rangahy hahavita zavatra mamohehatra toy izao.

**Nandositra**

Taorian'izay, nandeha nandositra izy ary tsy hita popoka izay nalehany. Efa nisy ny fitoriana napetraka tany amin'ny mpitandro filaminana ka ny eo anivon'ny polisy no nandray an-tanana mikasika izany. Nanomboka avy hatrany ny famotorana sy fikarohana ilay lehilahy nitsoaka io. Hitan'ny polisy ao Nosy Be Hell Ville ihany ny toerana misy azy. Nandeha nidina ifotony tany ireo mpitandro filaminana ireo afakomaly ka napetraka avy hatrany ny vela-pandrika ary dia voasambotra ralehilahy. Taorian'ny fisamborana dia efa nentina namonjy ny biraon'ny polisy tany an-toerana izy. Notanana tao ary mitohy ny famotorana azy mandrapiakatry ny raharaha any anivon'ny fampanoavana any an-toerana.

T.H

Ifanadiana

# Mpitondra posy hita faty, tsy hita ny voamasony iray, nipotsaka ny atidohany



Mety ho maty novonoina ity lehilahy ity.

Lehilahy iray tokony ho 30 taona no hita faty tany amin'ny toerana antsoina hoe Ambatokongo, any amin'ny fokontany Amboraka kaominina sy distrikan' Ifanadiana omaly tokony ho tamin'ny 5 ora maraina, teo amin'ny sampanana mankany amin'ny RNT14, ambanin'ny hopitaly. Nahitana ratra ivelany ny vatany. Nipotsaka mantsy ny atidohany, tsy hita ny voamasony havanana, potika ihany koa ny tarehiny ary niala ny valanoranony ambany. Hatairana ny an'ny olona tany an-toerana nahita ilay razana efa nitsirara tamin'ny tany teo. Nampandrenesina ny fokonolona ka taorian'izay dia vory lanona nijery ilay vatana mangatsiaka teo. Fantatry ny olona avy hatrany ity maty ity fa mpitarika posy any an-toerana.

**Vono olona**

Nisy nampandre mikasika ny zava-niseho ny zandary avy ao amin'ny tobim-paritra Ifanadiana ka nandeha nidina ifotony tany an-toerana. Efa nandre mikasika ilay faty hita ihany koa moa ny polisy ka efa tonga aloha tany nanao fizahana. Araka ny filazan'ny mpitandro filaminana dia tombanana ho vono olona no nahatonga ny fahafatesandralehilahy. Raha ny fijeren' izy ireo dia mety ho nozerana vato ny lohany ka nahatonga izao fahavoazana be aminy izao indrindra fa eo amin'ny faritry ny lohany. Misokatra ny famotorana ataon'ny polisy avy ao amin'ny kaomisaria Ifanadiana izay mandray an-tanana mikasika ity raharaha ity.

T.H

Vohibato

# Zaza vao teraka narian-dreniny tany an-gabone

Zaza menavava vao teraka no nisy nanary tany angabone omaly tokony ho tamin'ny 8 maraina tany amin'ny toerana antsoina hoe Ambalamarina, fokontany Soaronenana ao anatin'ny kaomininaVohimarina any amin'ny distrikan'i Vohibato. Hatairana ny an' ny olona raha naheno feonjaza nitomany tany anaty trano fivoahana. Vetivety dia nahoraka ilay zava-niseho ka nirohotra nijery izany ny teo amin'ny manodidina. Nisy nampandre ihany koa ny mpitandro filaminana avy ao Andranovorivato ka vantany fa naheno izany izy ireo dia nankany haingana tany amin'ilay toerana hamonjy ilay zaza. Nifamonjen'ny olona nanatri-maso teo ny namoahana ilay zaza tao anaty maloto tao. Arapotoana araka izany zavatra rehetra nataon'izy ireo ka avotra ny ain'ilay zaza.

**Niteraka irery**

Araka ny fanazavana dia niteraka irery tao an-tranony ilay renim-pianakaviana tamin'io fotoana io ary taorian'izay dia ny handeha hanary ilay zaza avy hatrany ny tao an-tsainy ary notanterahany mihitsy izany. Nobatainy ilay zanany vavikely ary nentiny tany an-gabone dia nalatsany tao anaty lavaka tao. Hatreto aloha dia tsy mbola fantatra mazava ny antony nahatonga ilay renim-pianakaviana nanipy io sombiniainy io sy nikasa ny hamono azy tao anaty trano fivoahana. Na inona na inona anefa mety ho olana miseho dia tsy azo atao velively ny fihe-tsika toy izao. Efa nentina tany amin'ny CSB-II Vohimarina ilay zaza sy ilay renimpianakaviana taorian'izay ary mbola mijanona any aloha izy ireo satria mbola arahi-maso ny toe-pahasalaman'izy ireo.

T.H

Ankadinondry

# Trano fonenan'ny zandary nilatsaham-baratra

Trano lavabe iray mizara efitra maro ipetrahan'ny zandary no nirehitra tany Ankadinondry afakomaly tokony ho tamin'ny 3 ora tolakandro ka ankoatra ny entana maro tsy nisy noraisina dia nisy vola may ihany koa tao. Tao amin'ny efitra iray no niavian'ny afo. Tsy nisy orana nikija akory tamin'io fotoana io fa fantatra fa varatra maina no nilatsaka tao amin'ity trano ity. Niditra avy eny am-baravarankely ilay afom-baratra ary niantefa nankeny amin'ny rindrina dia nandoro tariby nitondra herinaratra rehetra tao an-trano. Nipoaka vokatr'izany ny batery ka tamin'izay indrindra no lasa nahenika vetivety nanerana ny trano ny afo ka nampirehitra azy ka may tanteraka tao amin'ny efitra iray. Nihanaka ihany ny afo ka nahazo ny efitra sasany. Dia io may tao avokoa ny entana maro toy ny kidoro, lalimoara, akanjo fitafy, fandriana, batery roa, kahie sy kitapin'ny mpianatra, fanamiana zandary, antontan-taratasy maromaro, akanjo Fivaza ary vola sosialy Fivaza.

**Niitatra**

Fa niitatra ny afo ka nahazo ny efitra maromaro izay ipetrahana zandary hafa ihany koa. Ka fahitalavitrasy ampli ary subwoofer no simba tao. Nanoloana ity hain-trano ity dia nanao ny afany tamin'ny famonjena ny fokonolona. Namonjy ny afo sy nitaona ireo entana nankany ivelany ka nisy ny entana avotra vokatr'izany ary tsy niala teo ireto farany raha tsy maty tanteraka ny afo. Soa aloha fa tsy nisy ny naratra na namoy aina nandritra ny firehetana. Manoloana ity loza ity dia nomena efitra hafa manokana vonjimaika mba hitoerany ireo traboina.

T.H




Toy izao no vokatry ny firehetana

Port-Bergé

# Trano valo hotohoton'ny afo

Nisehoana hain-trano tany Port-Bergé ny faran'ny herinandro lasa teo. Trano valo no may tamin'io fotoana io. Tsy fantatra mazava izany antony nahatonga ny firehetana. Tao amin'ny trano iray no nirehitra ary nitatra tamin'ireo trano teo akaikiny ny lelafo ka nahatonga izao firehetana izao. Afo efa nijoalajoala no hitan'ny olona teo amin'ny manodidina ka nandeha nandray andraikitra avy hatrany nanao izay ho afany tamin'ny famonjena izy ireo teo anatrehan'ity loza ity. Tao ny namono ny afo, tao kosa ireo nitaona ny entana nivoaka nankany ivelany. Rehefa nahafantatra mikasika ny zava-niseho ihany koa ny tomponandraikitra teo anivon'ny kaominina tany an-toerana dia nandeha nidina ifotony ary nanampy tamin'ny famonjena. Vetivety araka izany dia voafehy tanteraka ny firehetana ka maty tanteraka ny afo avy eo. Hatreto aloha tsy mbola voafaritra ny fitambaran'ny tombam-bidin'ireo entana may sy simba nandritra ity hain-trano ity. Soa ihany koa fa tsy nisy ny naratra na aina nafoy nandritra izany. Anisan'ny nanao ny asany nandritra ity loza ity ihany koa ny avy ao amin'ny mpitandro filaminana.

T.H

Isika rehetra miaraka amin'i Andry Rajoelina

# Nitambatra ho vovonana ny TGV, UPAR, ARMADA amin'ny fifi-




Ny mpitondra tenin'ny vovonana IRMAR teny amin'ny Arena Ivandry omaly.

Nanambatra hery ! Nampahafantarina tamin'ny fomba ofisialy teny amin'ny Arena Ivandry omaly ny fitsanganan'ny vovonana antoko politika manohana ny fitondrana. Anton'izany dia ho fiatrehana ny fifidianana solombavambahoaka amin' ny 29 mey ho avy izao. Isika rehetra miaraka amin'ny Andry Rajoelina no anarana nomena ny vovonana na "oalition pour la Majorité Présidentielle" izay ahitana ireo antoko 13 mivondrona eo anivon'ny ARMADA (Adn, Afkm, Akfm Fanavaozana, Avana, Avi, Freedom, Gffm, Hiaraka Isika, Liaraike, Mdm,Rrsd, Tgv ary ireo mpikambana ao anatin'ny antoko Leader Fanilo) ; Ireo fikambanana sy antoko politika miisa 19 ao anatin'ny UPAR ; ary ireo fikambanana tanora sy fikambanam-behivavy miisa 88 miparitaka manerana ny Nosy; Izay nanohana sy mbola manohana ny fitondrana tarihin'ny Filohan'ny Repoblika Andry Rajoelina tamin'ny fifidianana sy amin' izao fitantanany ny firenena izao. Tanjona araka ny kabary sy lahateny fanolorana nataon'ny Mpitondra teny ny vovonana ny minisitra Sahondrarimalala Marie Michelle ny hananana kandidà iray matanjaka ifaneken'ny rehetra.

**Fepetra**

Namafisiny fa mila filamindana sy fitoniana feno ny Filohan'ny Repoblika ahafahany manatanteraka ny vinam-pampandrosoana nandanian'ny vahoaka azy. "*Mila maroan'isa matanjaka, tsy mivadibadika, azo antoka eo anivon'ny Antenimierampirenena ny Filohan' ny Repoblika sy ny fitondrana tarihiny mandritra ny 5 taona manaraka mba ho azony iankinana amin'ny maha fahefana mpanao lalàna azy*", hoy izy. Nosoritany avy eo ny fepetra sy ny toetran'ny kandidà mety ho safidiana ho kandidà solombavambahoaka ho an'ny vovonana. Tafiditra ao anatin'izany ny hoe nanohana sy nanao fampielezan-kevitra ho an'Atoa Andry Rajoelina tamin'ny fifidianana filohampirenena 2023. Olona madio, tsy nanana dosie maloto eny amin'ny fitsarana. Olona vonona hampitambatra ny hery sy handresy amin'ny fifidianana. Mbola mandray ny antontantaratasy rehetra momba izany izy ireo mialohan'ny faha-27 marsa ho avy izao. Aorian'izany araka izany vao ho fantatra ireo kandidà solombavambahoaka avy amin'ny vovonana Isika Rehetra Miaraka amin'i Andry Rajoelina.

**JUDD**

Tetikasam-pirenena hiadiana amin'ny tazomoka

# Mamatsy vola ny fikarohana ny Vondrona Eorôpeana




Ny plateforme hiara-hisalahy amin'ny tetikasa IMPRIMA.

Aretina anisan'ny mbola mahazo vahana sy mamono olona maro eto amintsika ny tazomoka. Ny mahazatra hatramin'izay, araka ny fanazavan'ny profersora Ratsimbasoa dia ny fanomezana fanafody ny olona efa voan'ny aretina izay tsy vahaolana maharitra satria mifindra, amin'ny alalan'ny atody tazo amin'olon-kafa voakaikitry ny moka indray ny artetina. Antony nahatonga ny plateforme, iarahan'ny manam-pahaizana manokana avy amin'ny oniversite eto Madagasikara sy ny avy amin'ny oniversite hafa (Strasbourg- Pays Bas…) sy ONG avy any ivelany, manao fikarohana ahatongavana amin'ny fomba hamonoana, amin' ny alalan'ny fanafody ny atoditazo. Amin'izay fotoana izay, araka ny fanazavan'ny profesora Ratsimbasoa dia tsy hamindra aretina intsony ny moka na dia manaikitra olombelona aza. Ny fikarohana izay marihina fa eo ambany fiahian'ny minisiteran'ny fampianarana ambony sy ny fikarohana ara-tsiana, amin'ny alalan'ny CNARP (Centre National d'Application des Recherches Pharmaceutiques). Ny fikarohana izay araka ny nambaran'ny plateforma, nandritra ny valan-dresaka natao tamin'ny mpanao gazety, teny amin'ny foiben'ny CNARP (Ivandry), omaly dia tanterahina eto amintsika sy any Burkina Faso ary any Burundi.

**Maharitra folo andro eto amintsika !**

Mikasika ny eto Madagasikara manokana dia any Vatovavy no hanaovana ny fanadihadiana ary ao amin' ny Oniversiten'i Fianarantsoa no hotanterahina ny fikarohana. Tetikasa izay nampahafantarina fa vatsian' ny Vondrona Eorôpeana. Araka ny fanazavana nomen' ny Profesora Didier Menard, avy amin'ny oniversiten'i Strasbourg dia haharitra 10 andro ny fidinan'ny "plateforme" any Vatovavy, hampiharana ny tetikasa IMPRIMA (Implementation de la Primaquine à dose aible en Afrique), fanafody hitsaboana ny olona efa marary sady hampihenana ny fifindran'ny aretina. Nomarihina nandritra ny valan-dresaka ho an'ny mpanao gazety fa azo omena io fanafody io ny zaza mihoatran'ny enimbolana sy ny olona rehetra, ankoatry ny vehivavy mitondra vohoka. Marihina fa ankoatry ny mpikaroka dia ahitana manam-pahaizana manokana mahakasika ny zon'olombelona, ny resaka sôsialy ; ny miandraikitra ny fandalinana ny fahombiazan'ny fanafody ampiasaina ireo, avy amin'ny oniversite samihafa any ivelany io plateforma hiara-hiasa io. Aorian'ny fanadihadiana, araka ny fanamarihan'ny profesora Ratsimbasoa dia homena ny minisiteran'ny Fahasalamana ny vokatry ny fikarohana.

**V.R.**

## Marina izany !


### Efa fanomanan-tsaina ve !

**Antomotra ny fifidianana depiote. Tsikaritra ho samy seriny mitady ny fomba ahazoana maro an'isa, eny Tsimbazaza ny mpitondra sy ny mpanohana azy, andaniny ary ny fianakaviamben'ny mpanohitra, ankilany. Ny fifantenana kandidà heverina ho mahazaka vahoaka aloha izao no mafotaka. Misy mihitsy ny nafarana avy any ivelany ary misy ny efa ekipa taloha izay somary hadinodino no nantsoina hiverina indray. Mifanindran-dalana amin'izany, nanaitra ny mpanarabaovao sy ny mpamakafaka pôlitika ny fandrangarangana sazy, nambaran'ny hampiharina amin'ireo voalaza fa tsy manara-dalàna. Manoloana izany dia manitikitika ireto fanontaniana manaraka ireto: Efa fanomanan-tsaina sahady ve? Inona indray no paipaika fonosin'izany? Nahoana no tsy niresaka fampiharana sazy tamin'ny fifidianana filoham-pirenena farany teo. Nilaza niara-nahita anefa ny mpanara-baovao fa sesilany ny fandikan-dalàna nandritra ny fampielezan-kevitra, raha tsy hampahatsiahy afa-tsy ny fampiasana fiarampanjakana izay novana ho mainty ny laharany ary misy amin'izy ireny aza mbola tsy naverina. Manginy fotsiny ny fandikàna ny andininy sasantsasany voalazan'ny lalampanorenana, antony nahatonga ny vondron'ny kandidà tsy nandray anjara tamin'ny fifidianana. Fandikan-dalàna hafa tsikaritra ihany koa ny fandraisan'ny mpiasampanjakana anjara tamin'ny fampielezan-kevitra na dia voararan'ny lalàna izany. Ny fanontaniana hafa manitikitika ny saina ihany koa dia ny hoe: Mety hiverina indray ve ny fanafoanana tanteraka ny vokatra, na ny ampahiny amin'ireo birao ahazoan'ny kandidà tsy ekipa vato maro ? Tsiahivina fa efa nitranga teto izany nandritra ny fifidianana nifandimby tany aloha !**

Voahangy Rakotozafy

Ray aman-drenin'ny mpianatra any Maroc

# Manome 72 ora ny mpitondra handoavana ny vola nampanantenaina



Ireo ray aman-drenin'ny mpianatra nanao fanambarana.

Ao anatin'ny fahasahiranana tanteraka ireo mpianatra Malagasy mandrato fianarana any Maroc, araka ny fanazavana nomen'ny ray aman-drenin'izy ireo, tamin' ny faran'ny herinandro lasa teo. Antony, misy amin'izy ireo no tsy afaka manohy ny fianarany intsony ary tsy manam-bola handoavana ny saran-dalana hiverenana eto an-tanindrazana. Misy mihitsy ny efa namoy ny ainy, araka ny fijoroana vavolombelona nataon'ny ray aman-drenin'izy ireo, noho izay olana mahakasika ny hoenti-manana izay. Tsy ny mpianatra mandrato fianarana any Maroc ihany fa mandalo fotoan-tsarotra ihany koa ny fianakavian'izy ireo eto an-tanindrazana, noho ny vola saran'ny nandefasana ny mpianatra any ivelany, nampanantenain'ny mpitondra honerana mbola tsy voarain'izy ireo, roa taona mahery aty aoriana. Raha tsiahivina dia afaka fanadinana bakalôrea ireo tanora Malagasy ireo ary nahazo fampanantenana avy amin'ny mpitondra fanjakana fa mitady ny saran'ny fiaramanidina hiondranana any ivelany sy ny hoenti-manana samihafa ilaina any an-toerana ary honeran'ny fanjakana ny lany avy eo. Araka ny fanamarihan'ny ray aman-dreny nijoro vavolombelona dia nisy tamin'izy ireo no nidi-trosa satria nindram-bola. Nisy ihany koa ny nivarotra fananana satria nanantena fa hiverina ny fandaniana. Manoloana izany dia nanome fe-potoana 72 ora ny mpitondra handoavana ny vola lany izy ireo ary hanao fihetsiketsehana hitakiana izany, raha tsy mahazo valiny mahafa-po. Ny fe-potoana izay nanomboka omaly alatsinainy. Ny dikany, amin'ny alarobia ho avy izao no ho tapitra ny 72 ora. Andrasana izay hitranga aorian'izay.

**V.R.**

## TENY REHETRA TENY



Ireo mpikatroka ao anatin'ny antoko manohana ny fitondrana.



Tonga maro tokoa izy ireo namaly ny antso tetsy amin'ny Arena Ivandry omaly.



Mbola tsara ny rivotra eny amin'ny tanàna eny ambanivohitra.



Isan'ny fialambolin'ny tanora eto amintsika ny fifaninana manamory kodiaran-droa.



Nahazo vahana izany tamin'ny faran'ny herinandro teo.

Hazakazaka ho eny Tsimbazaza

# Raikitra ny fifandotoana eo amin'ny samy olon'ny TIM

Herinandro mialoha ny fotoana hisokafan'ny fanaterana antontan-taratasy filatsahan-kofidiana amin'ny fifidianana solombavambahaoaka, mitohy ny savorovoro eo amin'ny samy olon' ny TIM. Tsy mijanona amin' ny fitsipahana ireo kandidà avy any ambony fotsiny izany fa tonga hatramin'ny fifandotoana sy fifanaratsiana amin'ny alalan'ny famerenana ireo tantara tany aloha mihitsy. Araka izany, taorian'ny teny amin' ny Boriboritany faha-4 dia vaky ambatolampy ihany koa ny disadisa sy ny tsy fifankahazoana misy eo amin'ny samy olon'ny Tiako i Madagasikara eny Atsimondrano, omaly. Raha ny zava-nitranga, dia niakapofoana ireo mpikatroka tsy resilahatra tamin'ilay olon'ny TIM nosafidian'ny Filoha teo aloha Marc Ravalomanana hitondra ny fanevan'ny Firaisankina amin'ny fifidianana solombavambahoaka amin'ny 29 May izao.

**Mitsipaka**

Mivaky toy izao ny fampitam-baovao avy amin'izy ireo : "*Solombavambahoaka teo aloha ilay nosafidian'ny Filohan'ny antoko ho kandida amin'io fifidianana ho avy io. Mpikambana TIM izy saingy rehefa tsy natolotry ny TIM ho kandidà tamin'ny 2019 dia nilatsaka ho mpanohitra ny kandidà TIM, ka nandeha tamin'ny anaran'ny antoko hafa. Nanohana ny kandida natolotry ny TGV indray izany tamin' ny fifidianana ben'ny tanàna tao amin'ny kaominina Antananarivo Renivohitra ka nanaovany fanambarana mihitsy izany. Ankehitriny, velom-panontaniana ny maro hoe sao tetika hamotehana ny TIM izao fanapahankevitra izao sa ve misy olona manao kolikoly sy mamitaka ny mpanapakevitra ? Raha ny ankamaroan'ny mpikatroka Tiako i Madagasikara ety ifotony mantsy dia mitsipaka io kandika io avokoa* ».

**Faharesena**


Ambonin'izany, mahita sahady ireo "zanak'i dada" eny ifotony ireo fa ho faharesena no hitsena ny Vovonana Firaisankina amin'io fifidianana solombavambahaoaka io raha ny toejavatra eny Atsimondrano no resahana. "*Sady tsy mamaly ireo tarainan'ny vahaoaka no tsy mitondra vahaolana ara-tsosialy no tsy mitondra fampivoarana eo amin'ny sehatr'asa maro ny olona nosafidian'ny filohan'ny antoko eny Atsimondrana ka ho faharesena no hisy. Mety ahiana mihitsy aza ny tsy fandraisan'ny mpikatroka eny ifotony anjara amin'ny fifidianana raha hatao amboletra tahaka izao ny fanolorana kandida*", hoy izy ireo tamin' izany.

**Mamy R.**

Fampandrosoana ny tontolo ambanivohitra

# Nanome 2 miliara Ar ny distrikan'Atsimondrano ny Masoivohon'i Japana

Ho fampandrosoana ny tontolo amabanivohitra dia nanome vola mitentina 2 miliara Ar ho an'ny distrikan' Atsimondrano ny Sem Abe Koji, Masoivohon'i Japana miasa sy monina eto Madagasikara omaly. Araka ny fanazavana, tanjona amin' ity fanomezana ity ny fanatsarana ny fampanjariantsakafon'ny zaza latsaky ny 5 taona any amin'iny distrikan'Atsimondrano iny. "*Zava-dehibe amin'ny fampandrosoana ny firenena ny fitsinjovana ny fampanjarian-tsakafo ny ankizy. Ny zaza ampy sakafo dia ho olon-dehibe salama, afaka mandray anjara feno amin' ny fampandrosoana aratoekarena*", hoy i Atoa Abe Koji, tamin'izany. Voalaza tamin'izany fa ankizy iray amin'ny roa no tratry ny fahataran'ny fitomboana noho ny tsy fanjariantsakafo ao amin'ity distrika ity ka antony nitondrana izany tohana ara-bola izany. Marihana fa ankoatra ny fanatsarana ny fampanjarintsakafo dia entina hanamboarana trano fivoahana (WC) sy trano fidiovana (Douche) ny ampahany amin'io vola nomen'ny Masoivohon'i Japana io.



Vita sonia omaly ny fifanarahana momba izany.

**Mamy R.**

**TOLOTRA MANOKANA Gazetiko**

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Mpiasan'ny SMA

# Nidina an-dalambe fanindroany, voasakan'ny mpitandro filaminana

*Andrasana anio ny fivoahan'ny karaman'ny mpiasa.*

Hiditra amin'ny fahefatra andro anio ny fitokonan'ny mpiasan'ny SMA (Société Municipale d'Assainissement). Omaly maraina, nifamotoana teo amin'ny vavahadin'ny orinasa teny Nanisana izy ireo. Mbola tsy nivoaka ny karama, saingy efa nivoaka omaly kosa ilay mpiasa iray nosamborin'ny mpitandro filaminana tamin' ny fitokonambe tamin'ny zoma lasa teo. Nanapakevitra indray ireto farany ny antoandron'io ihany fa hidina an-dalambe hanongana ireo dabam-pako manerana an'Antananarivo toy ny tamin'ny fanombohan'ny tolona. Tsy lasa lavitra anefa izany, satria vao nanongana dabam-pako iray teo Nanisana dia efa tonga ny mpitandro ny filaminana. Nisy mihitsy ny fifanenjehana teo amin'ireo mpiasa sy ny mpitandro ny filaminana ary niafara tamin'ny fifampiresahana sy fifandaminana ny raharaha. Nilaza ny tsy handray ny asany mihitsy ireto mpiasa ireto raha tsy mivoaka ny karama, satria karama volana janoary no noraisin'izy ireo farany. Raha ny nambaran'izy ireo omaly koa dia nisy mpiasa iray maty ny marainan'io noho ny tsy fahazakana ny adin-tsaina nianjady taminy noho ny tsy fananam-bola sy ny trosa miangona etsy sy eroa.



Mbola tsy afaka ireo fako naparitak'ireo mpitokona tamin'ny zoma. (Sary : Kelly R.)

**Hivoaka anio**

Efa nitondra fanazavana moa ny PDS-n'Antananarivo, Ramanambitana Richard taorian'ny fihetsiketsehana tamin'ny zoma fa efa vonona ny vola handoavana ny karaman'ireto mpiasa ireto, saingy ny pitsopitsony ara-taratasy no mampitarazoka ny fandoavana azy. Anio no tokony hivoaka io karama io raha ny fanampim-panazavana avy amin'ny Filohan'ny delegasionona manokana an'ny tanànan'Antananarivo Renivohitra. Na eo aza io fitokonan'ny mpiasa io, misy ihany ireo tsy afa-manohatra fa tsy maintsy manao ny asany toy ireo mpanala fako amin'ny alina. Vitsy anefa ireo miverina manatanteraka ny asany, ka tsy mahasehaka ny fakon' Antananarivo. Maro ireo toerana efa ahitana fako miavosa tamin'ny omaly.

**R. Muray**

Fikarakarana fifidianana

# Naka traikefa tany Rosia ny CENI

Notanterahina tamin'ny 15 ka hatramin'ny 17 marsa lasa teo ny fifidianana Filohampirenena rosianina. Anisan' ny nandray anjara tamin'ny fanaraha-maso ny fizotry ny fifidianana tany an-toerana ny solontenan'ny CENI, na ny Vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny fifidianana, dia ny Mpampakateny voalohany, Andriamarotafika Soava, sy ny Tonia mpanatanteraka, Rakotondrasoa Ntseheno. Tsy ny tao Moscou, Renivohitr'i Rosia, ihany no nanaovana ny fitsidihana fa tonga hatrany ambanivohitra 200 Km manodidina an'i Moscou. Raha ny tatitra nataon'ireto solontenan'ny CENI ireto dia hitoviazana ny amin'ny aty Madagasikara ny fampiasana ny bileta tokana, saingy manana safidy koa ireo Rosiana hanatanteraka ny adidiny amin'ny alalan'ny latsa-bato ampitain-davitra kirakiraina amin'ny aterneto. Nisy ny fihaonan'ny delegasionina avy amin'ny CENI Madagasikara tamin'ny filohan'ny vaomiera mpikarakara fifidianana rosiana, Ella Pamfilova.



Fanatrehana ilay fihaonambe iraisam-pirenena momba ny fifidianana.

**Fihaonambe iraisam-pirenena**

Marihina fa ny fandraisana anjara tamin'ny fihaonambe iraisam-pirenena momba ny fifidianana masi-mandidy sady fototry ny fiandrianana no manaraka ny fiandrianan'ny fifidianana sy ny fenitra iraisam-pirenena no tena anton-dian'ireo solontenan'ny CENI ireto, izay nifanojo tamin'ny datimpifidianana tany an-toerana. Anisan'ny endrika hanehoatonga. Tamin'ireo efa-dahy mpirotsaka ho fidiana, dia tafaverina amin'ny toerany ny Filoha Rosiana, Vladimir Poutine. Raha ho an'ny eto Madagasikara manokana, dia fifidianana roa sosona no hotanterahina amin'ity taona ity, dia ny fifidianana solombavambahoaka sy n'ireo mpifidy rosiana ny maha masi-mandidy azy eo amin'ny fiainam-pireneny ny fandraisany anjara mivantana amin'ny fifidianana, izay hisahana ny raharaham-panjakana hatrany an-tampony ka hatrany amin'ny rafitra isan'ambarafifidianana ben'ny tanàna miaraka amin'ny mpanolontsaina, ka antenaina fa hanatsara ny fomba amin'ny fikarakarana ny fifidianana ny iraka natao tany Rosia fa tsy ho fitsangatsangana fotsiny akory.

*Nifanandrify tamin'ny fifidianana filoham-pirenena rosiana ny fihaonambe iraisam-pirenena natrehan'ny delegasionina malagasy.*

**R. Muray**

Solika

# Vinavinaina hiakatra 90 Dôlara ny barila

Mananontanona ny krizy vaovao. Araka ny kajikajin' ny banky amerikanina "Morgan Stanley" dia vinavinaina hiakatra hatrany amin' ny 90 Dôlara ny vidin'ny barilan'ny solika 159 litatra any amin'ny telovolana fahefatra amin'ity taona ity. Handeha tsikelikely io fiakarana io, izay heverina hananika ny 87,5 Dôlara amin'ny telovolana faharoa, ary hitohy hiakatra hatrany any amin'ny telovolana manaraka noho ny fihenan'ny tolotra eo amin'ny tsena iraisam-pirenena. Tsiahivina fa efa nanao fanambarana ny teo anivon'ny Vondron' ireo firenena mpanondrana solika, na ny OPEP+, izay tarihin'i Rosia sy i Arabia Saodita, tamin'ny fiandohan'ity volana ity fa hanohy ny fampihenana 2,2 tapitrisa barila isan'andro amin'ny solika vokariny. Manampy trotraka ny fihenan'ny famokarana solika any Rosia noho ny fanafihana ataon'i Okraina amin'ny alalan'ireo "Drone" any amin'ireo toby fanadiovana solika an'i Rosia. Omaly, efa tafakatra 81 ka hatramin'ny 86,5 Dôlara ( manodidina ny 388 000 Ariary na 2 440 Ariary isaky ny litatra) ny barila iray.

**Tsena anatiny**

Tsy afa-bela amin'ny fiakaran'ny vidin'ny solika eo amin'ny tsena iraisampirenena i Madagasikara. Hafarana avokoa ny solika ampiasaina eto amintsika. Miankina amin'ny vidiny any am-potony sy ny sandambola malagasy ny hamaroana azy eto. Na izany aza, efa tamin'ny 11 jolay tamin' ny taona 2022 no niakatra farany ny vidiny taty Madagasikara. Tsy nisitraka ny fidinanany koa anefa ny mpanjifa teto amintsika na dia nisy aza izany nandritra io fe-potoana io. Raha ho an'ny telovolana fahatelo tamin'ny taon-dasa, dia efa nahatratra 330 702 m3 (metatra toratelo) na 330 702 000 litatra ny solika nokirakiraina teto amin'ny tsena anatiny. Ny fanafa-rana solika anefa no anisan' ny tena mandany vola vahiny betsaka indrindra, izay mitarika amin'ny fitotonganan'ny vola malagasy matetika.

**R. Muray**



Miankina amin'ny vidin'ny solika ny fivoaran'ny sondro-bidimpiainana maneran-tany. (Sary nindramina)

**Samy...**

**Toky !**

Herinandro mialoha ny fisokafan'ny fanaterana ny antontan-taratasy filatsahankofidiana solombavambahoaka, resaka isika samy isika ihany, miraradrakara ny toky. Na izany avy amin'ny fanjakana na izany avy amin' ny mpikarakara ny fifidianana na izany avy amin'ireo hirotsaka ho kandidà sy ny mpanohana azy. Ho an'ny fanjakana, efa nivoaka avokoa ny didim-panjakana rehetra mahakasika io fifidianana io : ny fiantsoana ny mpifidy, ny mombamomba ny taratasy ilaina amin'ny filatsahan-kofidiana, ny antobola haloan'ny kandidà, ny isan'ny depiote handrafitra ny Antenimierampirenena… Toy ny toky atao amin'ny vahoaka fa ara-dalàna ny zavatra rehetra izany. Ho an'ny mpikarakara fifidianana indray, efa nampahafantatra ny tetiandro amin'ny fifidianana izy andaniny ary ankilany eo am-panatsarana ny lisitry ny mpifidy mba hanomezana ny toky ny mpifisy mba tsy haha-tompontrano azy amin'ny fizotran'ny raharaha. Nilaza ny rafipitsarana izay hamoaka ny voka-pifidianana ofisialy fa tsy hiandry fitarainana izy fa raha vao misy ny fandikandalàna dia hanasazy ny manao izany izy. Fomba hanehoana ny toky amin'ny vahoaka fa hitsara marina io rafitra io. Aty amin'ny mpifaninana indray, na izany ireo avy amin'ny fanoherana na izany avy amin'ny mpanohana ny fitondrana, efa mihazakazaka manome toky ny vahoaka fa kandidà manana ny maha-izy azy no hirotsaka eo. Rehefa atambatra izany ireo rehetra ireo, resaka isika samy isika ihanyé, tsy hisy tahaka ity fifidianana solombavambahoaka hatao amin' ny 29 mey 2024 ity. Saingy ny toky anie fitaka fa ny atao no hita é !

Samy isika ihany !

**Herivonjy RAJAONAH**

**...isika**

JICA - Tetikasa Papriz

# Nitombo 5,58 taonina isaky ny hektara ny voka-bary

Raha 2,3 taonina isaky ny hektara ny voka-bary taloha teto amintsika, noho ny asa natao tao amin'ny tetikasa Papriz niakatra 5,58 taonina isaky ny hektara izany amin'izao fotoana izao. Nanomboka tamin'ny 2009 ny Papriz andiany voalohany, ary tamin'izany dia faritra 5 no niasany. Niezaka nampiditra teknika sy fomba fambolena vary hahazoana vokatra tsara kokoa ny Jica. Mbola sarotra anefa ny asa satria efa eo ilay fomba nentim-paharazana izay nahazatra ny tantsaha. Betsaka noho izany ireo mbola tsy manaiky ary tsy resy lahatra amin'ny fahombiazana entin'ity tetikasa vaovao ity. Tsy nionona tamin'ny resaka teknika ihany izy ireo tamin'izany fa nisy ihany koa ny famokarana masomboly voafantina. Miditra amin'ny dingana faharoa indray ny tetikasa Papriz ary nitarina tamin'ny faritra 11 hafa izany. Mitombo ny mponina ary mitombo manaraka izay ihany koa ny filana. Amin'ny ankapobeny tokoa mantsy, mbola manafatra vary manomboka amin'ny 200 000 taonina isan-taona eo isika raha kely indrindra. Hatreto tsy mbola mahaleo tena ara-tsakafo isika ka hatramin'ny fototsakafo aza mbola hafarana. Isan-taona, manodidina ny 4 hatramin'ny 5 tapitrisa taonina ny akotry vokarin'ny Malagasy. Amin'izao fotoana izao, ao anatin'ny tetikasa Papriz andiany fahatelo isika ary efa mihitatra amin'ny faritra 23 manerana ny Nosy izany. Miezaka hatrany izy ireo manaparitaka ny teknika fambolem-bary maoderina hahazoana vokatra tsara. Tsara ho fantatra anefa fa iankinana zavatra maro ity tontolon'ny fambolena vary ity ka anisan'izany ny zezika izay mitana anjara toerana goavana tokoa. Mahazo tombony betsaka ihany koa anefa ireo mpanangom-bokatra izay mividy ny vidin'ny akotry mora kokoa amin'ireo tantsaha. Ny fotodrafitrasa famoaham-bokatra toy ny lalana eto amintsika iaraha-mahalala fa antony iray mampidangana ihany ny vidim-bary eto amintsika. Ataon'ireo mpanangom-bokatra fomba iray ampiakarana ny vidim-bary mantsy ny saran-dalana. Eo anatrehan'izany, nisy ny tetikasa SHEP izay manampy mivantana ireo tantsaha hivarotra ny vokatrany eny amin'ny tsena. Mazava ho azy fa miara-miasa amin'ny minisiteran'ny fambolena sy fiompiana ny Jica amin'izany tetikasa rehetra izany.




Tanaka Kaori, solontena maharitry ny JICA eto amintsika.

### Fako

86 miliara Ar no natokan'ny Jica hanampiana ny SMA sy ny Kaominina Antananarivo Renivohitra amin'ny resaka fako. Misy fanomezana maromaro natolotr'izy ireo amin'izany ka anisany ireo kamiao mpitatitra fako multiben 32 sy kamiao Ben 6 izay mitatitra ny fako eny Andralanitra. Eo ihany koa ny dabam-pako 189 izay amboarina eto amintsika ihany, fiara 4x4 pick up roa sy moto 6 ampiasaina amin'ny fitsirihana. Mbola miampy kojakoja fanolo hahafahan'ny SMA manamboatra raha sanatria misy fahasimbana ny fitaovana amin'izao fiandohana izao. Efa ampiasaintsika amin'izao fotoana izao ny ampahany amin'ireo fitaovana ireo ary tsy maintsy tonga mialoha ny septambra 2024 ny ambin'ireo fitaovana ireo. Nambaran'i Tanaka Kaori, solontena maharitry ny JICA eto amintsika fa 26 miliara ny totalin'ny fanomezana tsy averina avy amin'ny vahoaka japoney ho an'ny vahoaka Malagasy amin'ity resaka fako ity. Anisan'ny mampitaraina ny olona ny fanesorana ny dabam-pako eo Mahazo kanefa anisan'ny toerana be olona sady misy tsena eny antoerana. Lasa lavitra be ny toerana fanariam-pako ka arian'ny olona eny anelakelan-trano rehetra eny ny fako amin'ny gony vokatr'izany. Manantena ny mponina fa anisan'ny hisitraka iray amin'ireo dabam-pako 189 ho avy ireo ny mponina eo Mahazo ary miantso fandraisan' andraikitra akaiky mba hisorohana amin'ny valanaretina sy ny maro hafa.



Misy ny teknika fambolem-bary noentin'ny Papriz hanatsara ny vokabary.

### Fotodrafitrasa

Anisan'ny asa goavana ataon'ny Japoney eto amintsika ny fanamboarana fotodrafitrasa vaventy. Efa tafiditra ao anatin'ny dingana faharoa an'ny tetikasa fanitarana sy fanamboarana ny seranan-tsambon'i Toamasina isika amin'izao fotoana izao. Ny 45 isanjaton'ny asa sy ny vola no efa nampiasaina araka ny fanazavana avy amin'ny JICA hatrany. Mitentina 400 tapitrisa dolara ny vola natokan'izy ireo tamin'ity tetikasa ity ka tafiditra ao anatin'izany ny asa fanamboarana bloc ho fiarovana ny moron-dranomasina, ny fanotorana tany hahafahana mametraka ireo kaontenera, fanitarana ny fotodrafitrasa fiarovana amin'ny onja na "brise-lames", fanamboarana toeram-piantsonana, sy ny maro hafa. Manana 40 taona mahery i Madagasikara amerenana izany fampiasam-bola izany. Efa notokanana kosa ny tetezana roa lehibe dia ny tetezan'i Mangoro sy ny tetezan'Antsapazana.

Na eo aza anefa izany asa marobe vita izany, anisan'ny tetikasa voatery najanona noho ny tsy fahavitan'ny fitondram-panjakana ny ampahany amin'ny anjara asany, izany hoe ny fikojakojana ny "forrage" any atsimo andrefana. Tsy voahaja ny fifanarahana ka tsy niverina tamin'iny tetikasa intsony ny JICA. Amin'ireo tetikasa marobe ireo tokoa mantsy, tsy maintsy misy ny asa fanaraha-maso atao satria volan'ny vahoaka japoney no ampiasaina eto ka rariny sy hitsiny izany. Nanomboka tamin'ny 2022, tafakatra hatrany amin'ny 136 miliara Ar ny famatsiam-bola naompan'i Japon hanampiana an'i Madagasikara, misy amin'izy io famatsiam-bola fanampiana ary misy ny tsy maintsy averina.

Tsy diso anjara ihany koa anefa ny resaka sosialy ary anisan'ny manohana ny fanabeazana sy ny fahasalamana izy ireo. Eo ny tetikasa Tafita III izay niasa tamin'ny faritra 11. Tanjon'ity tetikasa ity ny hampandraisana andraikitra ny sekoly eny ifotony mba hananana fanabezana tsara kalitao. Amin'ny tontolon'ny fahasalamana kosa, nibahan-toerana ny fanatsarana ny tolotra ara-pahasalamana amin'ny fampiharana ny 5S.

**Nath**

Angovo madio

# Nomena sehatra manokana tany Boeny

Notanterahina tany Mahajanga ny faran'ny herinandro teo ny « Foaran'ny angovo madio andiany faha-3 » ho an'ny faritra Boeny izay nokarakarain'ny Plateforme Régional d'Echange sur l'Energie Biomasse (PREEB Boeny). Tanjona tamin'izany hetsika izany ny hanomezan-danja ny angovo azo havaozina izay mitsitsy kokoa no madio no tsy manimba tontolo iainana. "Ampiasaiko ny Angovo Madio sady mitsitsy, no hitsinjovako ny taranaka faramandimby" io no lohahevitra nentina nandritra izany fotoana izany. Iarahamahalala mantsy fa fositra mamotika ny ala eto amintsika ny fampiasana ny hazo hanaovana arina fandrehitra sy kitay hamaliana ny filana andavanandron'ny mponina. Maherin'ny antsasamanilan'ny vahoaka mampiasa ny hazo avokoa handrahoina sakafo. Vahaolana iray hialana amin'ny fampiasana ny angovo avy amin'ny ala ny fampiasana ny angovo madio izay azo avy amin'ny voka-pikarohan'ireo manam-pahaizana. Ankoatran'ny fanentanana sy fampirantiana, nisy ny fampahafantarana ireo karazana angovo miaro amin'ny tontolo iainana natao. Noezahina nomena vaovao ny mponina amin'ny maha zava-dehibe ny fampiasana angovo madio izay sady mora kokoa no mitsitsy raha oharina amin'ny fampiasana hazo na harina fandrehitra. Mbola sarotra amin'ny malagasy anefa ny miala amin'ny mahazatra sy ny fomban-drazana izay efa nolovaina tamin'ireo olobe tany aloha tany. Efa maro anefa ny voka-pikarohana izay miezaka manamora ny fiainana no sady mandamina kokoa azo trandrahina tsara indrindra raha mahazo famatsiam-bola hanaparitahana azy ny mpikaroka.

**Nath**



Betsaka ny angovo azo hanoloana ny hazo sy ny harina hoy ireo mpikaroka.

Kitra - Bernardin Ranaivoarovelo

# Mpanazatra, namokatra mpiandry tsatoby matihanina maro teto amin'ny firenena

*Rehefa nitsahatra tsy nilalao intsony izy dia nisafidy ny asan'ny mpanazatra mpiandry tsatoby.*



Maharaka tsara ny fikotranana miaraka amin'ny mpilaony.

Tomponandraikitry ny baolina kitra amin'ny fiandrasana tsatoby, tsy mba voaresaka mihitsy rehefa misy ny fahombiazan'ny ekipa tantaniny, no nohadihadiana tamin'ny làlana nizorany sy nodiaviny teo amin'ity taranja iraisana iray ity i Maître Bernardin Ranaivoarovelo, nosaloran'ny namany anarambositra hoe "Bernard Lama" mpiandry tsatoby frantsay nanana ny lazany fahiny. Tsy niova toerana nilalaovana mihitsy ny tenany tamin'ny naha "goal keeper" azy, nanomboka hatrany amin'ny taonan'ny fahazazany ka mandraka ny ankehitriny amin'ny maha mpanazatra azy ihany koa, izay efa namoahany mpilalao matihanina maro, milalao eto an-toerana sy mila ravinahitra any ivelany. Tao amin'ny CEG Ambatolampy, ao anatin'ny faripiadidiam-pianaran'i Vakinankaratra, no naha voaantso azy voalohany ho anisan'ny mpikambana tao amin'ny ekipa voafantina tamin'ny latsaky ny 15 taona, niatrika ny fifaninana baolina kitra an-tsekoly. Nitohy hatrany tamin'ny fanaovana fanatanjahantena ho an'ny daholobe (sport de masse) taty Antananarivo ny naha mpiandry tsatoby azy. Noho ny talenta nananany dia nalain'ny klioban'ny FFOFIMA Fitsarana tany Ambatolampy i Me Bernard Lama, nanantevindaharana an'ity ekipa "senior" ity, izay tonga hatrany amin'ny lalao famaranana tamin'ny fifaninanam-pariny. Noho ny tsy fahampian'ny taonany anefa, dia mbola nangalana fankatoavana tamin'ny raiamandreniny ny filalaovany satria vao 17 taona izy. Nanomboka hatreo no niarovany ny voninahitry ny Ekipa Voafantin'Ambatolampy.

**Nitety klioba maro nilalaovana**

Nalain'ny mpitantana ny BNI-n'Antananarivo izy, nandrafitra ny ekipany. Teo amin'ny faha-19 taonany (1986) no niantsoan'ny tekinisian'ny "Club M" azy, nanantevin-daharana ny ekipam-pirenena (pre-sélectionné). Niaraka tamin-dry Baby (Dynamo de Fima), Dama (Cosfapà, Ferdinand "Golibe" (AC Sotema), Michel Charbon (Htmf), Sammy Jo (Btm FC), Bonaventure (Btm FC), Popâul (Btm FC), Diba (La Réunion), Claude Aimé (Btm FC), Jeremia (Cosfap)… Nifindra lasy tamin'ny ekipan'ny AS Solima, niatrika ny fifaninanana divizionina voalohany Analamanga. Nalain'ny FCA Ambohidratrimo sy ny AS FTM Ambanidia, mialoha ny nilalaovana tamin'ny ekipan'ny GTZ-n'i Mahajanga. Niverina teto Antananarivo izy, nisalotra ny fanamian'ny USCAFoot sy ny USJF Ravinala ary ny Domoina Soavina Atsimondrano, izay samy anisan'ny ekipa vaventy teto amin'ny firenena. Rehefa nitsahatra tsy nilalao intsony izy dia nisafidy ny asan'ny mpanazatra mpiandry tsatoby. Nosafidiany nozarina voalohany ny ekipan'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (USCAFoot). Niatrika ny fiofanana nampanaovin'ny sekolin'ny baolina kitran'ny AJESAIA, izay vao naka ny mari-pahaizana tamin'ny fiofanana niarahan'ny FIFA sy ny Federasinoina (FMF). Taorian'izany dia voatendry hanazatra ny ekipam-pirenena vehivavy (2014 – 2019) i Me Bernardin, ary mbola nantsoin' ny mpitantana ny Fosa Junior-n'i Boeny ihany koa izy hanazatra ny mpiandry tsatobiny. Efa noteteziny nozarina avokoa ny mpiandry tsatobin'ny ekipan'ny AS JET Mada sy ny AS Adema ary ny DATO FC. Taona 2022 no nanazarany ny Barea de Madagascar, niatrika ny fifaninanana tamin' ny CHAN. Amin'izao fotoana izao dia misahana ny Barea de Madagascar, miatrika ny CAN sy ny "Mondial 2026" ny lehilahy. Anisan'ny mpilalao nampianariny ry Michel "Toldo", vinantolahiny amin'ny zanany vavy Bakoliarivelo Ericka, izay milalao atsy Seychelles, Gapa, Eddy Bastia, Kandy, Golikely (AS Fanalamanga), Joma (Fosa Junior),… Ankoatra ny maha mpanazatran'ny Barea de Madagascar azy, dia mamolavola ny katitakely ao amin'ny sekolin'ny baolina kitran'ny AS Rôrô ihany koa i Bernard Lama ankehitriny.

**aris rafaly**

## TSIPAKA

Noho ny tsy fisiana ara-bola sy tsy fahavitan'ny antontantaratasy, ilaina amin'ny fivoahana any ivelany, dia tsy afaka mandray anjara amin'ny fiadiana ny tompondakan'ny "Masters" amin'ny taranja volley-ball, izay tokony tanterahina atsy amin'ny nosy La Réunion amin'ny faraparan'ity volana martsa ity, ny ekipan'ny GNVB sy ny COSFA, solontenantsika amin'izany fifaninanana iraisam-pirenena izany.

**Sakana amin'ny fampivoarana**

Raha vao nahafantatra ny fihemoran'ireo ekipa malagasy ireo ny tomponandraikitra dia nanapa-kevitra amin'ny hanemorana ny fifaninanana. Nitaona ny sain'ny mpitantana ny ekipan'ny zandarimariam-pirenena sy ny miaramila ary ny federasionina hatrany anefa izy, handray anjara amin'ny fifaninanana. Tsapany fa mandeha ila toy ny kiraron'i Beminahy ny fifaninanana raha vao tsy misy solontena Malagasy. Tsy fahafahana mandray anjara amin'ny fifaninanana iraisampirenena tahaka izao anefa dia miteraka fahavoazana ho an'ny ekipa, ary indrindra ho an'ny mpilalao iray manontolo mihitsy, izay efa niezaka sy nanomana ny fiatrehana an'izany. Tena ilaina tokoa anefa ny fandraisana anjara, raha tiana hivoatra sy hiakatra ny lentan'ny taranja ara-panatanjahantena rehetra eto amintsika fa tsy ny volley-ball irery ihany. Tsy noheverina ho olana tamin'ireo ekipa ireo ny tsy fandehanana satria anisan'ny ekipa manan-katao eto amin'ny firenena izy ireo. Kanefa moa ! Tanimena tsy mirehitra rehefa tsy misy ny eo am-pelatànana. Efa an-taonany maro no sakana amin'ny fandraisana anjara any ivelany tsy fisiana ara-bola, izay tokony tsy ahitana olana amin'ny alalan'ny tahiry natokana ho an'ny mpanao fanatanjahantena.

**aris rafaly**

Andriamiharinosy T. H.

# Manavanana azy koa ny kitra fa nisafidy ny hand ny tenany



Ny hazo no vanon-ko lakana… !

Miandahy miambavy ny fanaovana fanatanjahantena eo amin'ny taranak'i Berthin Andriamiharinosy, rahalahin'i Augustin "Baovolo", nanana ny lazany tamin'ny filalaovana hand-ball sy ny baolina kitra tao amin'ny toeran'ny vodilaharan'ny AS St Michel Amparibe fahiny. Nandimby ny rainy tamin'ny filalaovana baolina kitra ihany koa ny zanany Andriamiharinosy Tillo Hajaniaina, izay miorim-ponenana any Toamasina, fa naleony nisafidy ny hand-ball noho ny fotoana tsy nananany firy tamin'ny fanaovana fanazarantena fa nifanindry tamin'ny filalaovany hand-ball. Taorian'ny ASSM sy ny COSMOS Secren Antsiranana dia nifindra lasy tany Maurice i Tillo, nilalao tamin'ny ekipan'ny USBBRH. Ny toeran'ny irakiraka afivoan'ny kianja no manavanana azy. Norombahan'ny ekipany avokoa ny amboara tamin'ny tompondakan'i Maurice sy ny " Vainqueur de Coupe"-n'io firenena io, na tamin'ny naha mpilalao no sady naha mpanazatra azy. Tsy i Tillo irery ihany no nametraka ny anarany teo amin'ny tantaran'ny hand-ball malagasy fa ny vadiny, Rtoa Rabariharizafimanjaka Lantovola, ihany koa dia mpilalaon'ny BFV SG sy ny ASSM. Soritana fa efa nilalao tao anatin'ny ekipampirenena ho an'ny tanora avokoa ny zanak'izy ireo, dia i Myrah sy Sarah ary Billy sy Shannya, izay samy efa nanantevin-daharana ny USBBRH – ASSM – Tilty – MYSAH HBC Ambatomirahavavy, izay ekipa nozarin-drainy avokoa. Toy izao kosa ny taona naha mpanazatra azy : - 2011 : Nisahana ny ekipam-pirenena vehivavy "senior" ; 2014 : Nitondra ny ekipam-pirenena "Cadette" tamin'ny CJSOI ; 2017 : Nanazatra ny ekipam-pirenena "junior" zazalahy tamin'ny "IHF Trophy" ; 2019 : Tompondakan'ny faritra faha-7 avokoa ireo sokajin-taona nentiny : 2022 : Tompondakan'i Madagasikara ny MY SAH HBC : 2002 : Nanazatra tamin'ny CAN "senior" vehivavy ; 2023 : Nanazatra ny "senior" lehilahy tamin'ny lalaon'ny Nosy.

**aris rafaly**

Lalao Afrikanina 2024 - Andiany faha 13

# Mihenahena eo amin'ny laharana faha-9 no misy an'i Madagasikara

Any amin'ny lalao afrikanina, dia tsy mbola misy fiovana ny laharana misy an'i Madagasikara (volamena : 4 ; volafotsy : 2 ; alimo : 7), hatramin'ny nanoratana ny lahatsoratra, fa mbola mihazohazo eo amin'ny laharana faha-9, aorian'ny nosy Maurice sy Erithrée, ary alohan'i Maroc. Niakatra an-kianja, omaly, ny mpilalao basket-ball " FIBA 3x3" lahy sy vavy fa mbola tsy nahazoana vokadalao. Teo amin'ny taranja tenisy, natokana ho an'olontokana, dia tsy lasa lavitra ny mpilalaontsika efatra mianadahy, na dia nisy nahazo fandresena indray mandeha ihany aza tamin' ny lalao fifanintsanana nataony, tany amin'ny kianjan'i Borteyman any Accra (Ghana). Toa an'i Nicolas Raharivony, izay lavon'ilay mpilalao zimbaboeanina Lock Benjamin tamin'ny seta 2 no ho (6/0 – 6/1). Navotan'i Nicolas kosa anefa ny voninahiny raha nifandona tamin'ilay togoley Koukou Beaugarde ny tenany, izay resiny tamin'ny seta 2 no ho 0 koa (6/2 – 6/1). Niondrika 2 no ho 0 teo anatrehan'ilay borondey Guy Orly kosa i Valentin Rakotondrasoa (6/0 – 6/3). Teo amin'ny fihodinana faharoa vao resin'i Valentin ilay borkinabe Dabire (6/4 – 6/0). Tsy nahovoka ihany koa i Tsantaniony Iariniaina, raha nifandona tamin'ilay zazavavy zimbaboenaina Sasha Chimedza, izay nahazo ny seta 2 no ho 0 (6/2 – 7/5). Teo amin'ny fihodinana voalohany anefa, dia tany amin'ny fanatanterahana ny "Super Break" vao lavon'i Tsantaniony tamin'ny seta 2 no ho 1 ilay kenianina Cheruto Cynthia (1/6 – 6/1 – 10/6). Na dia nanohitra mafy an'ilay nigerianina Deandra Adesuwa kosa aza i Mitia Ravoavy dia lavo tamin'ny seta 2 no ho 0 ihany koa (7/5 – 6/4). Mialoha an'io fihaonana io anefa dia nataon'i Mitia tsy nisotro rano mihitsy ilay zambianina Christabel Chisongo, niondrika tamin' ny seta mazava 2 no ho 0 (6/0 – 6/0). Soritana fa nisy fiantraikany tamin'ny mpilalaontsika ny nanaovana ny fifaninanana tamin'ny andro alina. Ny kianja ihany koa dia voalaza fa tsy malama, toy ny tanimena efa mahazatra ny mpilalaontsika.

**aris rafaly**

PASI PASI

Randrianarison Marie Eric (Eric sefo)

# 55 taona fa mbola manao rugby sy foot miaraka amin-janany

*Tsy zovina amin'ny tontolon'ny fanatanjahantena Randrianarison Marie Eric, fantatra amin'ny hoe Eric sefo. Miavaka kely ny fianakaviany, izay ankoatran'ny zanany vavimatoa, izay mpilalao basket ary anatin'ny Ankoay hatramin'izao dia sady mpilalao baolina lavalava sy baolina kitra izy sy ny zanany roa lahy. Izy no vahinintsika eto amin'ny PASI PASI anio.*

***Gazetiko :*** Anaranao feno

***RME :*** Randrianarison Marie Eric

***Gazetiko :*** Firy taona ianao izao dia mbola manao Rugby ve, ao amin'ny klioban'iza ?

***RME :*** 55 taona amin'ny novambra hoavy izao. Mbola ao anatin'ny fitiavana rugby hatrany, manazatra ny club Stm (Savonnerie tropicale milalao rugby) sy mpanolontsaina ara-teknika ato amin'ny Rosa Club sy ny Uasc (Cheminots)

***Gazetiko :*** Nanomboka firy taona ianao no nanao Rugby voalohany?

***RME :*** Tena hatramin'ny mbola kely mihitsy no efa nilalao saingy tsy mbola tena nakafy fa nilona tamin' ny baolina kitra.

***Gazetiko :*** Firy ny zanakao, iza avy dia manao Rugby daholo ve ?

***RME :*** Telo ny zanako, eny milalao rugby ny roa lahy, fa ny vavimatoa no nilalao kely tamin'ny école de rugby tao amin'ny atomika dia avy eo nivadika taranja basketball ary io no nilofosany bebe kokoa tany am-pianarana ka hatramin'izao

***Gazetiko :*** Noterena sa efa tao anatin'ny ràn'ny zanakao ilay spaoro?

***RME :*** Tsy noterena fa manaraka fotsiny eny ireo. Izaho aza tsy mahalala mihitsy hoe manao licence amin'ny klioba madinika eto amin'ny tanana izy roa lahy (club xv rose), raha tsy ny olona no miteny. Ilay vavy moa efa tena nilona tao amin'ny basketball tany ampianarana.

***Gazetiko :*** Efa nisy voantso handrafitra ny ekipam-pirenena ve ny zanakao?

***RME :*** Raha ho azy mirahalahy, dia ny faralahy no efa nanandrana notsapaina tao amin'ny U-20 fa noho ny fianarany dia tsy nanohy izy, saingy mbola milalao ao amin'ny klioban'ny Stm diviziona 1amin'izao. Ny zanako vavimatoa, Sidonie no mandrafitra ny ekipampirenena basket 3x3 sy ny 5x5.

***Gazetiko :*** Ahoana izany hoe miaraka manao fantanjahantena ny fianakaviana izany?

***RME :***Tena mahafinaritra aloha ilay hoe samy tia spaoro ny ao antrano e! ny fahasalamana aloha no tombony moa rehefa miresaka ao antrano dia mahakasika ny spaoro no betsaka. Somary mahatsikaiky kely kosa rehefa raikitra ny ady "matériel" matetika rehefa samy hikotrana.

***Gazetiko :*** Ankoatra ny Rugby sy Basket, inona no fialambolinareo mianakavy?

***RME :***Ho Anay lehilahy aloha dia ny baolina kitra koa no fialambolinay e ! Satria samy milalao baolina kitra ihany koa izahay 3 mianaka. Mialalao baolina kitra eny amin'ny terrain synthétique miaraka amin' ny fianakaviana sy miaraka mivoaka miala voly koa rehefa misy fotoana.

***Gazetiko :*** Fanentanana ataonareo ho an'ny fianakaviana mba hanao spaoro.

***RME :***Raha tena tiana ny hitazona "forme" sy fahasalamana dia tsy misy tsara ohatran'ny manao spaoro, eny fa na dia mandeha miaraka aza ny fianakaviana manao azy, Eo ihany koa ny fanalana ny rotorotopiainana andavan'andro.

**Rabenaivo**



**Miavaka kely ity fianakavian'i Eric sefo ity, izay samy manana ny spaoro ataony izy ireo.**

Lomano - Tompondakan'i Afrika sy ACNOA

## Tokony handeha any Luanda sy Seychelles isika



**Nandritra ny fanotronan'ny filohan'ny Federasiona ny Ligin' Analamanga ny faran'ny herinandro teo no nahafantarana izany.**

Feno tanteraka ato ho ato ny fandaharam-potoana ho an'ny federasiona malagasy ny taranja Lomano. Anisan'izany ny fiadiana ny tompondakan'i Afrika, tanterahana atsy Luanda Angola, ny 30 avrily hatramin'ny 4 may. Nambaran'ny filohan'ny Madagascar Aquatics, Roland Mick Raveloson, efa anatin'ny fanomanana ireo atleta izy ireo amin'izao fotoana izao. Nomarihany, tokony handray anjara ny mpilomano Malagasy satria dia fifaninanana hahazoana isa izy ity. Ankoatra izay, hisy fivoriambe arahana fifidianana ho an'ny Africa Aquatics hiara-dalana amin'izany, izay tokony hatrehan'ny filohan'ny Madagascar Aquatics ihany koa. Mahakasika itony fihaonambe itony, dia misy ny sazy ho an'ny mpikambana tsy manatrika na tsy mandray anjara amin'izany. Eo indrindra no hanentanana sy iantsoan'ny federasiona izay tomponandraikitra voakasika, hahafahantsika manana solontena hiatrika izany. Toy izany koa ny mpilomano, izay amin'ny maha-fifaninanana ngezabe azy aty afrika dia tokony handefa atleta isika. Ankoatra izay, mbola eo ihany koa ilay fifaninanana ACNOA, tanterahana atsy Seychelles, ny 6 hatramin'ny 11 may. Hisy atleta Malagsy tokony hiatrika ireo fifaninanana roa ireo, izay antenain'ny federasiona mba ho lasa soa aman-tsara izy ireny. Mialoha izany rehetra izany, mbola misy ny fiadiana ny tompondakan'i Madagasikara, ho an'ny dobo filomanosana 25m, izay tanterahana etsy amin'ny Esca.

*Ialohavan'ny fiadiana ny tompondakan'i Madagasikara, ho an'ny dobo filomanosana 25m izany rehetra izany.*

**Rabenaivo**

Triathlon ECTA

# Norombahan'i Toavina sy Fitia ny anaram-boninahitra

Tontosa ny asabotsy lasa teo tany Vakinankaratra, ilay fifaninanana Triathlon nokarakarain'ny klioban'ny ECTA (Entente Club Triathlon Antsirabe). Miisa 31 no nandray anjara tamin'izany, izay nisy ny fifaninanana ho an'ny "Triathlon Standard", "Triathlon decouverte", "«Duathlon" lavitrezaka sy "Duathlon decoucerte". Ho an'ny mpikarakara dia tratra ny tanjona, izay hampivondrona indray ireo mpankafy ity taranja ity. Nisaotra ireo rehetra nanohana ihany koa ka nahafahana nanatanteraka iny hetsika iny. Efa fantatra ihany koa, fa amin' ny volana jona ny hetsika manaraka, hotanterahana eto Antananarivo. Eo ampiandrasana izany, toy izao no vokatra tany Antsirabe. ***Triathlon Standart Vehivavy*** : 1- Malalanirina Fitia Fasila / 4 :44 :59. ***Triathlon standard lehilahy*** : 1- Ramampiandra Toavina /2 : 51 : 54. 2- Rafenomanana Tafita Jimmy/3 :14 :29, 3- Iaharana fahatelo Rabenjlinoro Misantanirina/3 :21 :55. ***Triathlon decouverte vehivavy :*** Malalanirina Fitia Vanilla/0 :56 :31, 2- Andriamanjaka Miantsoa Isaela /0 :56 :45. ***Triathlon decouvert lehilahy*** : Ramanantsoanambinina Rivomalala Flaviara/0 :43 :09. ***Duathlon lavitrezaka lehilahy*** : 1- Rasolohery Elson Tiana/2 :40 :12. 2- Andrianasolo Arinala Faly/3 :13 :58. 3- Razafindratojo Myriam/3 :35 :13. ***Duathlon decouverte vehivavy*** : 1- Iantsafitia Fiderana/0 :55 :19. 2- Raharijao Haingolaza /1 :07 :17. 3- Rakotoharinivo Laingo/1 :07 :17. ***Duathlon decouvert lehilahy*** : 1- Iavotriniaina Tsinjohasina/0 :39 :21 . 2- Randrianiaina Paul Bernardin/0 :44 :50. 3- Rakotoharinivo Jonathan /0 :47 :37.

**Rabenaivo**




**Anisan'ireo nandray anjara tamin'ity fifaninanana ity izy ireto.**

## Sarisary zary tenany

**Tsy mahay mamaky**




## Hatsikana an-tsary

**Ahena, ampitomboina**




## Masoandro miposaka

### Mpitsara 2 : 1


Ary Ilay Anjelin'i Jehovah niakatra avy tany Gilgala ka nankany Bokima, dia nanao hoe: Nitondra anareo niakatra avy tany Egypta Aho ka nampiditra anareo eto amin'ny tany izay nianianako tamin'ny razanareo homena azy, ka hoy Izaho: Tsy hanatsoaka ny fanekeko taminareo Aho mandrakizay;

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




## Ohabolana



**Tezitra alohan'ny rariny ka tsy misy asiana ny hitsiny.**

Si vous vous mettez en colère avant d'être jugé, on ne saura plus comment vous justifier.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **3200**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 9 | | | 5 | 6 | | | | 4 |
| | 2 | 3 | 4 | | | 1 | | |
| | 6 | | 3 | | | 2 | | |
| | | | | | 9 | 3 | | 1 |
| 8 | 7 | | | | | | | 5 |
| | | | 6 | | | 7 | | |
| 3 | | 2 | | | 6 | | 8 | |
| 1 | | | | 2 | 5 | 9 | 4 | |
| | 4 | | | 8 | | | | |

Valin'ny laharana **3201**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 2 | 6 | 5 | 9 | 1 | 8 | 7 | 4 | 3 |
| 4 | 7 | 1 | 3 | 6 | 2 | 9 | 8 | 5 |
| 8 | 3 | 9 | 7 | 5 | 4 | 6 | 1 | 2 |
| 7 | 5 | 2 | 8 | 3 | 1 | 4 | 6 | 9 |
| 9 | 4 | 8 | 2 | 7 | 6 | 5 | 3 | 1 |
| 6 | 1 | 3 | 4 | 9 | 5 | 2 | 7 | 8 |
| 3 | 2 | 7 | 1 | 4 | 9 | 8 | 5 | 6 |
| 5 | 9 | 4 | 6 | 8 | 3 | 1 | 2 | 7 |
| 1 | 8 | 6 | 5 | 2 | 7 | 3 | 9 | 4 |

**HOTSAKOTSAKOINA**

«Matanja-tsaina aho, kanefa indraindray, mila namana hitantana, namana afaka hampahery sy tsy mamela ahy ho irery. »

**Ny Vetso (21.01.16)**

("Je suis une personne forte, mais de temps en temps, j'aimerais que quelqu'un prenne ma main et me dise que tout va bien se passer.")

## TATSY SY TAROA

**# Lehilahy iray no tratra nangalatra solosaina tao amin'ny tranon'ny mpanakanto Vaiavy Chila omaly maraina.** Nisy nahatsikaritra izany ka raikitra ny fisamborana ary io tratra io niaraka tamin'ny entana nangalariny.

**# Taksibrosy iray no tratra nitondra vontaky na baobab « nain » miisa 1066** tao anatin'ny baoritra miisa fito ambin'ny folo sy gony fito tao Sakaraha ny faran'ny herinandro teo. Raha ny fanazavàna dia nalaina avy amin'ny ala any ampitan'ny reniranon'i Mangoky, distrikan'i Beroroha ireo entana tratra ireo, izay saika hamidy aty Antananarivo. Voalaza anefa fa anisan'ny zava-maniry arovana izy itony ka tsy azo atao ny mitrandraka sy mivarotra izany.

**# Nahatratrarana entana lany daty maro isan-karazany toy ny fanafody, menaka, sakafo, fromazy, paty** tao amin'ny tsena ao Ambovombe Androy. Nandritra ny fitsirihana nataon'ny Fitaleavam-paritry ny Fampiroboroboana ny Indostria sy ny Varotra any an-toerana no nahatratrarana izany. Tahaka ny fahita hatrizay moa dia dorana avy hatrany itony entana lany daty tratra itony aorian'ny fanadihadiana ataon'ny mpitandro filaminana.




**# Omby miisa iraika ambin'ny folo no nangalarin'ny dahalo tao amin'ny fokontany Maromandray,** kaominina Ebelo any Ambovombe Androy ny sabotsy lasa teo. Dahalo am-polony no nanafika ny tanàna tamin'io. Nanao ny fanarahan-dia avy hatrany ny zandary sy ny fokonolona ka azo avokoa ny omby rehetra ary efa tafaverina amin'ny tompony. Tsy nisy tratra kosa ireo dahalo fa tafatsoaka ka mitohy ny fikarohana azy ireo.

**R.C**

**Gazetiko**

Novokarina sy natontan'i MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola Ar 37 452 000

**Tale jeneraly :** Jeremy RABESAHALA

**Talen'ny Fanoratana :** Lucien RAHARISON 034 34 697 06

**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :** Herivonjy RAJAONAH 034 34 697 10

**Birao sy fandraharahana :** Lalana Ravoninahitriniarivo
**B.P.** 1414 - Antananarivo
**Tél :** 038 34 344 34
**Fax.** 22 273 51
e-mail : midigazetikom@gmail.com
**D.L.I :** 16 594 - 03 - 24
Isan'ny natonta : 25 000

**Nahandro**

## Olatra sy voatabia endasina

**Zavatra ilaina :** Olatra 400g, voatabia lehibe 4, tongolo gasy 5, mofo dipaina notetehina 1, ranom-boasarimakirana 5 sotro lehibe, dità, persily, menaka olive 3 sotro lehibe, dipoavatra, sira, menaka

Diovy tsara ny olatra. Tsoahy ny tongony, dia teteho manify. Voasy dia teteho koa ny tongolo gasy sy ny mofo. Sasao madio tsara ny voatabia dia teteho.

Endaso amin'ny menaka ny olatra. Asio sira sy dipoavatra dia arotsahy ao ny mofo dipaina notetehina. Rehefa mendy dia ataovy afo malefaka ka arotsahy ao ny voatabia, dia andrahoy kely indray. Tsoahy amin'ny lovia. Raiso indray ny lapoaly dia endaso ao ny tongolo gasy, persily, dità ary ranom-boasarimakirana. Rehefa vita io, dia raraho ery ambonin'ny olatra sy voatabia. Arosohy mafana.

## MANAMPY ANAO

**Permanences**
**16 mars au 22 mars 2024**

PHARMACIE DE GARDE

ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7

- 67HA - face Eglise Luthérienne - 020 22 253 61
- VOLAHANTA - Anosibe près du rond point vers Soanierana - 020 22 355 09/034 24 334 86
- NANISANA - Nanisana ladiambola arret bus sapin 032 03 520 29/034 05 750 29
- AMBANIDIA - 020 22 255 50/033 05 255 50
- MAHAVOKY - Andravoahangy 020 22 255 51/ 034 89 056 09
- IARIVO - Analakely en face Institut d'hygiène sociale 020 22 224 26/020 22 699 19/034 16 326 06

PÉRIPHÉRIE d'ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7

Andoharanofotsy - 032 05 479 84 / 034 20 479 84
Grazia - Itaosy- 034 67 733 62
Anosizato - 020 22 631 43
Ambohibao - 020 22 482 64
Avaradrano - Analamahitsy- 020 22 423 65
Amboditsiry - 020 22 528 21 - 033 01 551 31 - 034 36 580 94
Soleil - Andrononobe - 034 20 356 51
Hasin'ny Aina - Mandroseza- 034 99 776 21
Ivato - 020 22 442 95
Ambohidratrimo - 034 29 358 45
Jade - près Horizon Ivato - 034 87 340 94
Sabotsy Namehana - 034 88 001 03
Amboara - Anosiala - 034 52 610 64
Ambohimahitsy - 034 33 304 17 / 034 95 882 30
Ambohimangakely - 034 25 372 52
Fenoarivo - Fenoarivo Alakamisy- 034 33 161 75
Fitiavana - Ankadikely - 020 22 436 33
Amoronakona By Pass - 034 36 115 15
Palais - Mandrimena Iavoloha - 032 42 713 67
Ankadindratombo - 032 82 588 02/034 02 588 02
By Pass Alasora - 032 12 525 25 / 034 98 525 25
Abondance - Ifarihy Ankaraobato - 034 75 214 36
S Namehana - Sabotsy Namehana - 034 81 689 47
Mitondrasoa - Fenoarivo - 034 01 707 07
Bongatsara - Bongatsara Iavoloha - 034 07 742 23
La Colombe - Itaosy - 034 60 396 61 / 033 64 280 42
Soa Ny Aina -Tsarahonenana - 034 31 018 20
MA Pharmacie - Ambohijanaka - 032 11 102 11
Ankaraobato en face CSBII - 034 64 330 62

A.M.I.T.

BEHORIRIKA TEL 22 303 83 / 22 383 52
ANTANIMENA TEL 22 303 86
TALATAMATY TEL 22 588 51
ANKADIMBAHOAKA TEL 24 819 81

AMBULANCE

- SERVICE DES URGENCES MPITSABO MIKAMBANA TEL: 0349023555 / 0334823555
- AMBULANCE MUNICIPALE TEL 22 200 40 / 033 65 333 22 / 033 65 444 22 / 033 65 555 22
- AMBULANCE POLYCLINIQUE D'ILAFY 24/24 TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73
- MEVA MEDICALE SERVICE TEL 033 11 195 33 / 032 04 922 69
- CDU (Centre de diagnostique et d'urgence médical) TEL 22 329 56/ 032 07 822 28/ 033 11 822 28
- AMBULANCE CLINIQUE DE TANJOMBATO TEL 033 11 313 85
- MATERNITE MARIES STOPES AVADOHA TEL 22 418 36 / 032 07 418 36 / 033 11 094 11
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL - 22 200 32 / 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60
- AMBULANCE ET URGENCE CRTM-01 - 034 01 015 55 / 032 07 255 52

Ahiana ny fandaniana ny tetibola LFR

# Mifanitsaka amin'ny propagandy ny fivoriana ara-potoana eny Tsimbazaza

Fanahy iniana ve sa tena tsy voadinika mialoha ? Ireo no fanontaniana maniti-kitika ny sain'ny mpanara-baovao manoloana ny tetiandro nofaritan'ny CENI hirosoana amin'ny fampielezan-kevitra ho an'ny fifidianana solombavambahoaka mifanindry amin'ny fotoana voafaritry ny lalàna hivorian'ny depiote. Miainga amin'ny voalazan'ny andininy faha-75 ao amin'ny lalampanorenana mantsy dia mivory ara-potoana indroa isan-taona ny Antenimierampirenena ka manomboka ny talata voalohany amin'ny volana May ny fotoam-pivoriana voalohany, izay atokana amin'ny fandaniana ny volavolan-dalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana na PLFR. Raha ny tokony ho izy izany dia ny talata faha-07 ny volana May no hisokatra amin'ny fomba ofisialy io fivoriana ara-potoana voalohany tsy maintsy hatrehin'ny solombavambahoaka rehetra eny Tsimbazaza io, raha tsy hoe misy antony manokana. Mazava ihany koa ny voalazan'ny lalàna fa anatin'ny 30 andro manomboka amin'ny fotoana ametrahan'ny mpanatanteraka ilay volandalana nasiam-panitsiana no andinihana io volavolandalàna mifehy ny tetibolam-panjakana io ary fandikandalàna ny mifanohitra amin' izany.

### Miroaroa saina

Araka ny tetiandro navoakan'ny Vaomiera Mahaleo tena misahana ny fifidianana anefa dia ny 8 May hatramin'ny 28 May no hanatanterahina ny propagandy ho an'ny fifidianana solombavambahoaka hatao manerana ny tanin'ny Repoblika amin'ny 29 May izao. Dia miroaroa saina ny olompirenena ao anatin'izany satria heverina ho samy zava-dehibe eto amin'ny firenena avokoa na ny fandinihana araka ny lalàna ny tetibolam-panjakana nasiam-panitsiana na ny firosoana amin'ny fifidianana solombavambahoaka. Itsy voalohany, izay iarahan'ny rehetra mahafantatra fa aindehiben'ny firenena satria miankina amin'ny fandinihan'ny parlemantera araka ny tokony ho izy izany ny fampandehanana sy fandrindrana ary fanatanterahana ny asa fampandrosoana eto Madagasikara. Ny manahirana, ireny efa niarahantsika nahita tamin' ny fampahalalam-baovao isan-tsokajiny ireny fa maro amin'ireo olomboafidy mpikamban'ny Antenimierampirenena ankehitriny no mbola ho kandida amin'io fifidianana solombavambahoaka io.

### Kitoatoa indray

Marina fa nilaza ny tomponandraikitra hoe manantsafidy ireo depiote hirotsaka kandidà na hanao fampielezan-kevitra na hanohy ny asa fanaovana sarotra ny hino fa hampandefitra ny propagandiny ho takalon' ny fandinihana sy fandaniana ny tetibolam-panjakana izy ireo. Mipetraka ny fanontaniana ao anatin' izany hoe ho kitoatoa indray ve ny fandiniana io aindehiben'ny firenena io sa hiverina ny tamin'ny taondasa ka tsy hisy tetibolam-panjakana nasian-panitsiana indray amin'ity taona ity.

**Mamy R.**

## TELEFAONINA ILAINA

HOPITAUX ET CLINIQUES

- CLINIQUE MPITSABO MIKAMBANA 24/24 ROUTE DE L'UNIVERSITE AMPASANIMALO TEL: 034 90 235 55 / 033 48 235 55
- CLINIQUE REINE MARIE- 4 RUE JOSEPH RAMANANDRAIBE - IMMEUBLE RALISON -ANTANIMENA - OUVERTURE 24h/24 Tél. : 034 20 239 72
- CENTRE HOSPITALIER DE SOAVINANDRIANA (HOMI) EX-GIRARD ET ROBIC TEL 23 397 51
- HOPITAL JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA (HJRA) TEL 033 11 890 58 / 22 279 79
- HOPITAL JOSEPH RASETA BEFELATANANA TEL 22 223 84
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE IMAHO ANALAMAHITSY TEL 034 01 651 99 / 033 03 875 61 / 032 04 680 06
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICAL ST PAUL AMBATOROKA TEL 034 71 394 95 / 034 45 076 23 - MEDICAL SERVICE CLINIQUE MEDICO-DENTAIRE LOT IVR 20 ANTANIMENA (24/24) TEL 22 641 93
- CROIX BLEU DE MADAGASCAR SIEGE ANTANINANDRO - PROBLEME D'ALCOOLISME ET DE TOXICOMANIE TEL/FAX 22 324 59 / 22 634 62 / 033 11 442 77 / 032 07 545 30
- MARIE STOPES INTERNATIONAL MATERNITE CLINIQUE LOT II P 136 BIS AVARADOHA TEL 22 418 36 / 033 11 084 11
- CLINIQUE ET MATERNITE ST FRANCOIS ANKADIFOTSY - TEL 22 235 54
- POLYCLINIQUE D'ILAFY AMBOHITRARAHABA (24/24) TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73 / 033 11 073 91 / 032 07 243 28 / FAX 22 425 64
- TOBIM-PITSABOANA LOTERANA AMBOHIBAO (HOPITAL LUTHERIENNE) TEL 22 441 88 / 22 485 17 (24/24)
- CENTRE DE SANTE BEHORIRIKA TEL 22 641 28 / 22 603 63 / 033 11 458 48 / 032 07 409 38
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE DE TANJOMBATO - LOT III A 42 - TEL 22 571 94/ 033 11 058 00
- PAVILLON SAINTE FLEUR CENTRE HOSPITALIER UNIVERSITAIRE JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA AMPEFILOHA - TEL 22 661 04 / 22 663 93 FAX 22 660 82
- CENTRE DE SANTE SAINT MICHEL ANDRAVOAHANGY TEL 033 16 028 62
- CARREFOUR MEDICAL AMPARIBE (Médecine générale) LOT VH 39 BIS TEL 22 651 59 (7j/7 - 24h/24)
- CENTRE MEDICAL AMBATOMENA (IMMEUBLE SICAM ANALAKELY) TEL: 22 211 70
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) - TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CENTRE MEDICAL COLISEUM TEL 034 03 847 39 - 032 99 286 69 (7/7 - 24H/24)

ESPACE MEDICAL / SOS Médecins

- AMBODIVONA TEL 22 625 66/ 034 02 088 16/ 034 02 00 911

CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL

- IMMEUBLE OSTIE ANOSIBE 1er ETAGE TEL 22 200 32/ 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60

AROVY CLINIC

ATRIUM ANKORONDRANO
Urgences : 032 23 217 17 (24/24 - 7/7)

POMPIERS

- TSARALALANA TEL 18 / 118 (Airtel) / 22 390 30 / 033 15 500 86
- AMBOHIMANARINA TEL 033 15 501 76

POLICE SECOURS - GIR

- TEL 22 357 09 / 22 357 10 / 117

COMMISSARIATS

- 1er ARRONDISSEMENT ANALAKELY TEL 22 280 54
- 2e ARRONDISSEMENT AMBOHIJATOVO TEL 22 309 46
- 3e ARRONDISSEMENT ANTANINANDRO TEL 22 291 30
- 4e ARRONDISSEMENT ISOTRY TEL 22 280 51
- 5e ARRONDISSEMENT MAHAMASINA TEL 22 280 48
- 6e ARRONDISSEMENT AMBOHIMANARINA TEL 22 225 52
- 7e ARRONDISSEMENT 67 HA TEL 22 291 29
- 8e ARRONDISSEMENT ANALAMAHITSY CITE TEL 22 493 25
- POSTE DE POLICE AMPEFILOHA TEL 22 280 46
- POSTE DE POLICE MAHATONY TEL 22 242 22

Maevatanàna

# Ravan'ny polisy ireo tambajotra mpamaky trano




Mihazakazaka be ny raharaha rehefa eo am-pelatanan'ny polisy, manoloana ny fisian'ny andian-tanora mpamaky trano eto Maevatanàna an-tampon-tanàna. Ny 11 Febroary lasa teo no naharay fitarainana makasika ny vaky trano tao amin'ny fokontany Ambodimadiro, ato anatin'ny kaominina Maevatanàna voalohany ny polisy, ka very nandritra izany ny: solosaina fitondra an-tanana iray mitondra marika " Azus" sy telefaonina Iphone -x." Taorian'izay no nandray ny andraikiny avy hatrany ny mpitandro ny filaminana, ka niroso tamin'ny "Réquisition sy localisation an'ilay telefaonina," ary voamarina fa olona mipetraka ao amin'ny fokontan'Ambatofotsy ato amin'ny kaominina voalaza etsy aloha no nitondra ireo entana halatra. Nanao ny fikarohana tamin'ny alàlan'ny "localisation" an-telefaonina, ka hita hatramin'ny toerana sy ny adiresy sy ny sarin'ilay Tovolahy antsoina hoe: Nambinina, ka tany amin'ny kaominina Mahitsy, disitrikan'Ambohidratrimo, any amin'ny faritra Analamanga izany. Tsy niandry ela ny polisy avy ao (Commissariat De Sécurité Publique De Maevatanàna,) fa nanao ny fanarahan-dia sy fikarohana tany Mahitsy ny Zoma 15 Marsa teo, ary ny Asabotsy marainan'ny 16 Marsa 2024 no nanaovana sarika am-pandriana ilay tovolahy sy ny ralahiny tao an-trano, niaraka tamin'ilay Ordinateur portable, raha tsy tazana tao intsony kosa ilay telefaonina avo lenta nangalarin'izy ireo. Rehefa natao famotorana tany antoerana hatrany izy ireo, dia nanondro ny namany roa, izay mandray sy mamarotra ny entana halatra avy aty Maevatanàna. Nentina sy notazomina ao amin'ny biraon'ny polisy ho hatao fanadihadiana moa izy efatra mianadahy. Izy ireo no mampihoroho ny vahoaka ato amin'ny kaominina ambonivohitra Maevatanàna amin'ny famakiana trano, ka azo lazaina mihitsy fa tabamjotra mpamaky trano ireto farany. Ny andron'ny talata 19 Marsa kosa no hatolotra ny fampanoavana izy ireo. Tokony eo amin'ny 20 sy 30 taona eo ireto olon-dratsy ireto. Eto am-pamaranana ny lahatsoratra dia nitondra fanentanana Atoa Kaomisera Tsiaremby Derual Peguy amin'ny tsy hisalasalan'ny mponina miantso ny laharana maitso rehefa mahita fitrangan-javatra hafahafa sy mampihahiahy eny anivon'ny fiarahamonina eny.

**Ratantely**

Sambo "Mercy ships"

# Efa manomboka ny fisoratana anarana hitsabo tena

Raha ny fanazavana azo dia efa nanomboka ny 11 martsa teo ny fisoratana anarana ho an'ireo izay mila fandidiana eo anivon'ny sambo "Mercy ships" tonga eto Toamasina. Eo anivon'ny hopitaly mara-penitra sy hopitaly be ary ireo ivon-toerana fitsaboana samy hafa no hahafahana misoratra anarana amin'izany. Fandidiana karazany efatra no ataon'izy ireo mandritra ny fandidiana hatao ny volana jona ho avy izao, satria ny fizahana ny marary atao ny volana may ho avy io; ka raha ny fanazavana dia ny momba ny molotra samba na sima, ny olana amin'ny maso fotsy na "cataracte", ny olana amin'ny tongotra miolana na "pied beau", ary ny tsy fahasalamana amin'ny tenda na "goitre" no hodidian'izy ireo mandritra izany fitsaboana izany. Hatreto aloha tsy fantatra mazava ny olona hodidiany fa araka ny voalaza dia tsy misy fetran'ny izany fandidiana izany, ka ahatratra 1500 no hahazo fandidiana amin'izany. Araka ny fanazavana dia teratany vahiny avy amin'ny firenena 35 samy hafa no miasa ao anatin'ilay sambo "Mercy ships". Izy ireo no miantoka ny fitaterana ny marary sy ny fampiantranoana azy mandritra izany, ka na ireo avy amin'ny toerana lavitra aza dia hisy ny angidimby ampiasaina mandritra ny fandidiana hatao eto Toamasina.

**Malala Didier**




Antsirabe

# Tobim-piantsonana piste mbola tsy nivaha ny olana



Mbola mihenjan-droa ny tady eo amin'ireo mpivarotra sy ny mpitantana ny tobim-piantsonana piste Vatofotsy eto Antsirabe. Tsy nisy ny marimaritra iraisana hatreto fa samy miziriziry amin'ny heviny na ireo mpivarotra, sy mpampiasa ny toby fiantsonana na ny mpitanana. Nanambara ny sampandraharaham-paritry ny fitaterana sy famantarana ny toetry ny andro fa misy lalàna mifehy ny tobimpitsonana ka mila arahina izany. Ity farany no mametraka ny ATT hiantoka ny fitantanana ny tobim-piantsonana. Ny ATT kosa avy eo no manendry ireo komity hitantanana ny tobim-piantsonana amin'ny alalan'ny fifidianana izay efa vita tamin'ny taona 2022 izany. Manana vina ny komity mpitantana ankehitriny hanatsarana ny tobim-piantsonana. Isan'izany ny hamefena ny toerana raha tsy hilaza afa-tsy io izahay hoy ireo komity mpitantana. Nambaran'ireto farany fa rehefa tonga amin'ny sehatra ara-dalàna ny fitantanana dia tsy maintsy miroso amin'ny fanovana. Tsiahivina fa nisy ny taratarasim-pifanarahana misy andininy maromaro "contrat" nozaraina tamin'ireo mpampiasa ny tobim-piantsonana mialoha. Tsy eken'ireto farany anefa ity "contrat" ity satria nambaran'izy ireo fa lafo loatra ny vola takiana ary misy andininy vitsivitsy tokony hofoanana fa tsy mifanaraka amin'ny zavamisy eny an-toerana. Tsy mandà ny fandaminana vaovao hapetraka izahay hoy ny solontenan'ireo mpivarotra ary vonona ny handoa ny hofan'ny toerana fa tokony hisy ny fakankevitra sy tamberin'andraikitra azo tsapain-tanana. Nitsangana ankehitriny ny fivondronan'ireo mpampiasa ny tobim-piantsonana hahitana mpivarotra, mpamily sy mpiasan'ny koperativa hiara-hisalahy hitady vahaolana ho tombontsoan'ny tobim-piantsonana.

**Andry N.**

Vakinankaratra

# Efatra isanjato ny tahan'ny olona manana toe-batana diabetika

Toe-batana ny diabeta fa tsy aretina, azo tsaboina tsara fa mila fanaraha-maso akaiky ny olona diabetika. Efa misy rahateo ny ivon-toerana mandray an-tanana ireny olona manana toe-batana diabetika ireny. Efa ela no nanana ivon-toerana ny teto Antsiabe, CEMEDIA no namantaran'ny maro azy teo aloha, ankehitriny kosa dia niova ho MUDIA izany, "Mutuelle des Diabéthiques d'Antsirabe. ivon-toerana misahana ny fitiliana, fitsaboana ary fanaraha-maso ireo olona manana toe-batana diabetika. Ao Antanambao Piste Vatofotsy no misy ity ivon-toerana ity. Tontosa ny faran'ny herinandro lasa teo ny fanaovan-tsonia nanangananana ny ivon-toerana. Ny faritra Vakinankaratra no nanome ny tany nanorenana ny fotodrafitrasa raha toa ka ny Lion's Club Antsirabe Ranovisy kosa no tompomarika tamin'ny fananganana ity ivon-toerana ity izay miara-miasa akaiky amin'ny AMADIA mitsabo ny olona diabetika. Manodidina ny 4% ny tahan'ny olona manana toe-batana diabetika eto Vakinankatra. Zava dehibe ny fanana itony ivon-toerana itony hoy ny governoran'ny faritra Vy Vato Rakotovao satria manampy ny mpiara-belona ary mitsinjo ny fahasalamambahoaka ny fisiany.

**Andry N.**






**Orange dia manohana ireo vehivavy malagasy amin'ny alalan'ireo maison digitale 40 manerana ny Nosy. Tetik'asa izay manamora ny firosoan'izy ireo ho amin'ny fahaleovan-tena ara-bola.**

GCL 775/15-5

orange™